

Handeha Aho Nirahina mba hizara

**HERINANDRO
FIARAHAMIVAVAKA**

**Antso
ombam-pitiavana**
t. 10

**Miankohofa
amin'ny Mpamorona**
t. 18

**Ny fitsarana farany
sy ny fitiavan'
Andriamanitra**
t. 32

**Fivondronamben'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny
Andro Fahafito eto anivon'ny Ranomasimbe Indianina**



Herinandro fiaraha-mivavaka 2021

4 Sabata Voalohany

Ny Hafatry ny Anjely Telo sy ny Asa Nanirahana ny Fiagonana

10 Alahady

Antso Ombam-pitiavana

14 Alatsinainy

Fibebhana sy Fitsarana

18 Talata

Miankohofa amin'ny Mpamorona

22 Alarobia

Mandresy ny fanoherana rehetra ny filazantsara

28 Alakamisy

Fampitandremana ombam-pitiavana avy amin'Andriamanitra

32 Zoma

Ny fitsarana farany sy ny fitiavan'Andriamanitra

36 Sabata Faharoa

Ny hafatry ny anjely telo



Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny
BP 1134 Antananarivo 101

Lalam-pirenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel. 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: 488-D/10.21

Ny natonta: 7374 isa

TENY FAMPIDIRANA

“Tsy mbola nisy toy izany”, io no teny ampiasaina matetika rehefa miresaka momba ny zava-baovao miseho eto amin’izao tontolo izao. Tsy mbola nisy mihitsy hattrizay ny toe-javatra goavana niseho tao anatin’ny fotoana fohy kanefa miantraika amin’ny lafim-piaínana rehetra amin’ny fomba haingana dia haingana ary amin’ny endriny mampivarahontsana tahaka izao. Mihamitombo ny fiheveran’ny olona fa hisy toe-javatra goavana hiseho tsy ho ela, manjavozavo sy tsy azo antoka anefa ireo filazana mialoha mikasika ny hoavy. Izao indrindra no fotoana mety ho an’ny Advantista Mitandrina ny Andro fahafito mba hitoriana amin’ny alalan’ny fahasahiana avy amin’ny Fanahy Masina ny hafatry ny anjely telo izay hita ao amin’ny Apôk. 14:6-12. Nambara tamintsika fa tsy misy asa manan-danja lehibe noho ny fitoriana izany “fampitandremana farany ho an’ity tontolo efa ho rava ity” izany.

Mandritra ity herinandro fieraha-mivavaka 2021 ity, dia hodinihintsika lalina ireo hafatra manan-danja ireo, izay manana an’i Jesôsy Kristy sy ny fahamarinany ho ivony. Irin’i Jesôsy indrindra ny hahatakarantsika fa ilaintsika ny hanakambana Aminy amin’ny fahafenoany ny fainantsika.

Ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia fihetsehana ara-paminaniana, izay natsangan’Andriamanitra tamin’ny fotoana manokana teo amin’ny tantaran’ny tany mba hitory hafatra manokana izay natao hotorina amin’io fotoana io- dia ny hafatry ny anjely telo ao amin’ny Apôkalipsy izany.

Izao no fotoana tokony handinihana ireo hafatra ireo sy hivavahana amin'ny fo misokatra ho amin'ny fitarihan'Andriamanitra ary koa hanolorana ny tena manontolo ho eo antanany ka hilazana hoe: "handeha aho hitory ny hafatry ny anjely telo!"

Ny Tompo anie hitahy anao amin'ny fomba manokana raha manokana fotoana iarahana Aminy ianao mandritra izao herinandro fiaraha-mivavaka manerantany izao.

Ted N.C Wilson, Filoha

Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito

FANTARO IREO MPANORATRA

Ny boky herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny lehibe amin'ity taona ity dia vokatry ny ezaka nataon'ny Adventist Review sy ny fianakavimben'ny Adventist World. Fantatr'ireo mpamaky ny gazetiboky Adventist World tsara i Ángel Manuel Rodríguez satria izy no mpanoratra ny lahatsoratra hoe "Valinteny ho an'ny fanontaniana ao amin'ny Baiboly" ao amin'io gazetibokintsika mpiseho isam-bolana io. Nitsahatra tamin'ny maha-talen'ny Biblical Research Intitute ao amin'ny Foibe manerantany azy izy, ka nandeha nisotro ronona rehefa avy nanao fanompoana nandritra ny 19 taona. Teraka tany Porto Rico ingahy Rodríguez, nahazo ny mari-pahaizana Th.D tao amin'ny oniversite Andrews izy ary nanao ny asan'ny pasitora sy mpanabe ary mpitantana asa. Ny zanany vavy Díxil Lisbeth Rodríguez dia nahazo ny mari-pahaizana "doctorat en rhétorique" tany amin'ny Texas Woman's University ary nanao asa fanompoana amin'ny maha-mpampiantry ny oniversite sy

mpiahy ny ara-panahin'ny olona any amin'ny hôpitaly azy. "Mahafinaritra ahy ny mampianatra saingy tiako tokoa ny asa fanasoavana ny mpiara-belona sy ny fiahiana ny ara-panahin'ireo olona any amin'ny hôpitaly," hoy izy, rehefa anontaniana azy ny asa mahafinaritra azy indrindra. Tian'izy mianaka ireo ny fifampiresahana lalina mikasika ny teôlôjia.



NY HAFATRY NY ANJELY TELO SY NY ASA NANIRAHANA NY Fiangonana

Miantso antsika mba handeha Andriamanitra

Ted N. C. Wilson

Nanome iraka manokana hotanterahin'ny vahoakany Andriamanitra nandritra ny vanim-potoana rehetra. Ary na dia mety hisy tsipiriany miovaova aza eo amin'ny fomba fanatanterahana izany iraka izany dia iray ihany ny tanjona kendreny: ny hitaona ny olona ho amin'ny fifandraisana mahavonjy amin'Andriamanitra izay haharitra mandrakizay.

2500 taona mahery izay no niantsoan'Andriamanitra ny tovolahy iray hamita iraka maharitra mandritra ny androm-piaianany, ary tsy hatreto ihany fa mandritra ny taona rehetra misandimby hatramin'izao androntsika izao, ary mihoatra noho izany aza. Namiratra tokoa i Daniela raha nijoro teo an-dapan'ny mpanjaka, nanao asa fanompoana ho an'ireo olom-panjakana ambony indrindra, sady nijoro teo anatrehan'Ilay Mpanjakan'ny mpanjaka "*Izay mampiseho zava-miafina*" sy "*mampahafantatra anao izay ho ayy.*" Dan. 2:29.

Ireo faminaniana ireo, izay mahakasika manokana ny andro farany, dia "*boky kely*" no ilazan'ny Apôk. 10 azy, voaisy tombokase mandra-piavin'ny andro farany. Izao no nolazaina tamin'i Jaona: "*Mandehana, raiso ilay boky mivelatra (...) Raiso, ka hano avokoa io; dia hampangidy ny kibonao izy, nefo eo am-bavanao dia ho mamy tahaka ny tantely.*" – Apôk. 10:8,9.

Ireo vahoakan'Andriamanitra izay tralaty ny Fahadisoam-panantenana Lehibe tamin'ny 1844 no asehon'i Jaona ao amin'ny Apôk. 10. Ny bokin'i Daniela no

ilay boky mivelatra, izay misy ny faminaniana momba ny 2300 andro, mikasika ny fanadiovana ny fitoerana masina sy ny fitsarana famotopotorana. Mamy indrindra ho an'ny mpino Advantista ny nino fa efa ho avy i Jesôsy; kanjo nony tsy tonga tamin'ilay fotoana nantenain'izy ireo Izy dia fahadisoam-panantenana mangidy no nahazo azy. Nitory ny fiverenan'i Jesôsy izy ireo kanefa tsy mbola vita hatreo ny asany. Araka ny draftr'Andriamanitra dia misy hafatra fanampiny tsy maintsy mbola hotorina amin'izao tontolo izao. Voafaritra mazava ao amin'ny Apôk. 14:6-12 io hafatra io, izay mizara telo, ary fantatra amin'ny hoe: hafatry ny anjely telo.

Ambaran'ny Fanahin'ny faminaniana amintsika fa ireo mpino Advantista voalohany no nitory ny hafatra voalohany sy faharoa. Hanampy ireo hafatra voalohany sy faharoa ireo kosa ny hafatra fahatelo ka hotorina mialoha kely ny fiavian'i Jesôsy. Ny fitambaran'ireo hafatra telo ireo no ho antso farany atao'ndriamanitra amin'izao tontolo izao.

Natao mazava indrindra, araka ny tsindrimandry avy amin'Andriamanitra, ny asa nanirahana antsika amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra sisa antsika: "Ho amin'ny tanjona manokana no nametrahana ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito teto amin'izao tontolo izao amin'ny maha-mpitily sy mpitondra fahazavana azy. Izy ireo no nanankinana ny hafatra fampitandremana farany

ho an'izao tontolo izao eo an-dalam-pahaverezana. Asa masina sy ambony indrindra no nomena azy ireo, dia ny history ny hafatry ny anjely voalohany sy faharoa ary fahatelo. Tsy misy asa hafa lehibe noho izany. Tsy azon'izy ireo atao ny hamela ny fahalianany hifantoka amin-javatra hafa (...) Tsy maintsy omena fampitandremana izao tontolo izao, ary tokony hahatoky amin'ny fanatanterahana ny asa nankinina taminy ny vahoakan'Andriamanitra." – Testimonies for the church, b. 9, t. 19.

Koa satria nirahin'Andriamanitra history ireo hafatra ireo amin'izao tontolo izao isika, dia ilaina indrindra ny hahatakarantsika izany hafatra izany sy ny maha-zava-dehibe ny fitoriana izany.

Ny hafatra voalohany

Ny hafatry ny anjely voalohany, ao amin'ny Apôk. 14:6,7, dia mitory ny filazantsara mandrakizay: ny famonjena amin'ny alalan'i fahamarinan'i Kristy sy ny fahasoavany – ny fahefany manamarina sy manamasina. Ambaran'ny anjely fa tonga ny andro fitsarana ary miantsy ny olona izy mba hiverina ho amin'ny fankohofana marina amin'Andriamanitra, ka hanaiky Azy amin'ny maha-Mpahary Azy.

Ny fanambarana fa miaina ao anatin'ny vanim-potoan'ny fitsarana isika izao dia mifototra amin'ny fahatanterahan'ny faminaniana ao amin'ny Dan. 8:14 – Rehefa afaka 2300 andro (andro ara-paminaniana, izany hoe taona) dia hodiovina ny fitoerana masina.

Niaina tao anatin'ilay vanim-potoana antsoina hoe "pre-Advent-judgment" na "fitsarana mialoha ny fiavian'i Jesôsy fanindroany" isika nanomboka tamin'ny 22 Oktôbra 1844, dia ny fanadiovana ny fitoerana masina izany. Ny valin'io fitsarana famotopotorana io no hamaritra izay ho anjaran'ny tsirairay, na ho any an-danitra izy na tsia, rehefa miverina i Jesôsy.

Ilay antso ho amin'ny fiansohofana amin'Andriamanitra amin'ny maha-Mpahary Azy dia mametraka adidy avy hatrany eo amin'ny olona, ny mba hitandremany ilay andro izay ahatsiarovana manokana ny asa famorongan'Andriamanitra. Izao no ambara amintsika: "*Ny Sabata no ho fisedrana lehibe momba ny fahatokiana, satria io no fahamarinana anankiray isehoan'ny fifanolanana amin'ny fomba manokana. Rehefa hampiharina amin'ny olona ny fisedrana farany, dia hisy tsipika mazava hampisaraka izay manompo an'Andriamanitra sy izay tsy manompo Azy.*" – Hery Mifanandrina, t. 631.

Ao anatin'ny fiansohofana amin' Andriamanitra amin'ny maha-Mpahary Azy anefa ny tsy maintsy hananana fahavononana handà ny fampianaran-diso mikasika ny fiandohan'ny fainana. Tsy azon'ny olona atao ny milaza fa mino ny fivoarana miandalana ny tenany kanefa koa milaza fa Andriamanitra no nahary ny lanitra sy ny tany. Tsy mety hiaraka ireo fomba fijery roa ireo. Ankoatra izany dia ao anatin'ny foto-

pinoan'ny spiritisma na ny fiantsoana avelo izany, satria "*ny fiantsoana avelo dia mampianatra fa 'zavaboary mandroso ny olombelona; fa anjarany hatramin'ny nahaterahany ny handroso, eny mandritra ny mandrakizay, hanakatra an'Andriamanitra'.*" – Hery Mifanandrina, t. 578.

Ny hafatra faharoa

Tamin'ny fotoam-pahavaratry ny taona 1844 no nanambarana voalohany ny hafatry ny anjely faharoa izay hita ao amin'ny Apôk. 14:3, milaza ny faharavan'i Babilôna (Hery Mifanandrina, t. 403). Manarakaraka ny fitoriana momba ny fitsarana io hafatra io ao amin'ny faminaniana, ary ny fiangonana iantefan'io hafatra io dia nadio fahiny; koa maneho ireo fiangonana nanda tsy hihaino ny fampitandremana momba ny fitsarana i Babilôna eto.

Ilay hafatra hoe: "*Rava Babilôna*" dia miverina ao amin'ny Apôk. 18:1-4. Antsoina hiala ao Babilôna ny vahoakan'Andriamanitra izay mbola tavela ao, mba tsy ho voaheloka noho ny fiombonany ota aminy, ary koa mba tsy hahazo azy ny loza izay hanjo azy. Noho izany, ny atao hoe Babilôna dia ireo fiangonana manao fampianaran-diso maro izay noraisiny avy amin'ny fiangonan'ny Vanim-potoana Antenantaneny.

Na efa nanomboka tamin'ny fahavaratry ny taona 1844 aza ny faharavan'i Babilôna, dia tsy mbola

tonga amin'ny fahafenoany izany raha tsy: (1) rehefa mandà ireo hafatra telo ao amin'ny Apôk. 14 ny fiangonana ka manaiky ny fampianaran-diso sy ireo fahagagana mimitak'i Satana; (2) rehefa mikambana tanteraka amin'izao tontolo izao ireo fiangonana nihemotra ireo ka manaiky sy mino izay eken'izao tontolo izao sy inoany. (Hery Mifanandrina, t. 404).

Mba hahatakaran'ny vahoakan' Andriamanitra mbola ao Babilôna fa tsy tokony hitaredretra ny fialany ao, dia ilainy ny mahafantatra tsara ny fahotana amam-pahadisoan'i Babilôna. Manana andraikitra goavana tokoa ny vahoakan' Andriamanitra amin'ny famitana ny asa nanirahana azy, dia ny fitoriana ireo hafatra ireo. Na hisetra fahatezerana lehibe sy fanoherana mivaivay aza izany fitoriana ny hafatra izany noho ny fampihanahanjana ny tena toetran'i Babilôna, dia tsy maintsy mandroso isika miaraka amin'ny fitiavana kristianina sy ny fahamarinan'ny Baiboly, tahaka ireo olona tamin'ny andro lasa izay nanatanteraka ny iraka nampanao vin' Andriamanitra azy koa. (Hery Mifanandrina, tt. 632,633).

Ny hafatra fahatelo

Misy fampitandremana mazava ao amin'ny hafatry ny anjely fahatelo ao amin'ny Apôk. 14:9-11: Aza miankohoka eo anoloan'ny bibidia sy ny sariny na mandray ny marika avy aminy. Mifototra amin'ilay faminaniana ao amin'ny Apôk. 13 io hafatra io. Maneho ilay fiangonana nihemotra ny

bibidia. Ilay bibidia faharoa no manao ny sarin'ny bibidia, izay maneho an'i Etazonia. Mariho ny fanazavan'i Ellen White: "*Mba hanaovan'i Etazonia sary ho an'ny bibidia, dia tsy maintsy mifehy ny fitondram-panjakany ny fahefana ara-pivavahana ary hampiasain'ny fiangonana koa ny fahefam-panjakana mba hahatanteraka ny fikasany.*" – Hery Mifanandrina, t. 456.

Efa 200 taona mahery no nijoroan'i Etazonia ho mpanohana ny fahafahana ara-pivavahana. Raha ny faminaniana ao amin'ny Baiboly anefa dia ho avy ny fotoana izay hanakanana ny fahafahana ara-pivavahana, ary hisy fihetsedana hifehy ny fitondram-panjakana, hany ka hanao lalàna izy ho fanomezana fahafaham-po ny fanirian'ireo fiangonana nihemotra. Ny endrika farany isehoan'io sarin'ny bibidia io dia ity: tsy misy indrafo ho an'izay rehetra tsy manaiky ny fitakian'io fiangonana sy fanjakana mitambatra io. – Hery Mifanandrina, t. 459.

Ny mariky ny bibidia, izay fitandremana andro fivavahana sandoka, dia rafitra mampiseho miharihary ny fahefan'ny bibidia. Misy fiangonana mirehareha fatratra ho nanova ny Sabatan'ny andro fahafito ho Alahady. Ny fiangonana sasany kosa milaza fa ho fahatsiarovana ny nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty no ivavahany amin'ny andro Alahady. Samy tsy ara-Baiboly ireo fanambarana ireo.

Ho feno fahatezerana ireo mpitondra fivavahana nihemotra satria tsy ho

azony lavina ireo porofo ara-tSoratra Masina manambara ny fahamasinan'ny Sabata; ary dia henjehina sy haiditra am-ponja ireo mpitandrina ny Sabata. Hisy akony mahery vaika ny fitoriana ny hafatra fahatelo eo anivon'izany toe-javatra izany, satria ho hitan'ny olona ny fahatanterahan'ny faminaniana araka izay efa nolazain'ireo mpitandrina ny didin'Andriamanitra. Rehefa mihamafy ny ady ifanaovan'ny marina sy ny diso dia hisy fikororohana ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra.

“Raha

manatona ny tafio-drivotra, dia misy antokon’olona maro izay niseho ho mino ny hafatry ny anjely fahatelo, nefatsy nohamasinina tamin’ny alalan’ny fankatoavana ny fahamarinana, no hiala amin’ny toerany ankehitriny ka hirotsaka eo amin’ny laharan’ny mpanohitra. Niray tamin’izao tontolo izao izy sady nifindran’ny toe-tsainy, ka nanjary saiky nitovy ny fomba fijeriny ny toe-javatra; ary rehefa tonga ny fisedrana, dia efa voaomana mialoha hifidy ny lalana mora arahin’ny besinimaro izy ireo. (...) Ireo no hanjary fahavalon’ny rahalahiny teo aloha sady hasiaka indrindra.” – Hery Mifanandrina, t. 634.

Ireozaymifikitra amin'Andriamanitra sy mandà tsy hiala amin'ny fahamarinana raketin'ny hafatry ny anjely telo dia mahatsapa fa mila mamita hatramin'ny farany, amin'ny herin'Andriamanitra, ny iraka nampanao vin'ny Tompo azy izy, ka hanankina Aminy izay ho vokatr'izany. “*Hidodododo hatraiza hatraiza ny*

mpanompon'Andriamanitra hitory ny hafatra avy any an-danitra, ary ny tavany hazava sy hamirapiratra (...). Tsy fonjankevitra loatra fa fandresen-dahatra avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra no hitoriana ny hafatra. (...) Hita mibaribary ny fahamarinana, ka manapaka ny fatorana nihazona azy ny zanak'Andriamanitra tso-po. (...) Na dia eo aza ireo fiasana miara-mioko hanohitra ny fahamarinana, dia maro no hiandany amin'i Jehovah.” – Hery Mifanandrina, t. 638.

Ry rahalahy sy anabavy, antso ho amin'ny fifohazana no rentsika androany, izay mampirisika antsika handinika ny tenin'Andriamanitra sy ho vonona ho amin'izay hitranga tsy ho ela. Raha tsy amin'ny fiateherantsika tanteraka amin'i Jesôsy sy ny herin'ny Fanahy Masina irery ihany, dia tsy hahavita na inona na inona isika! Manomana antsika ho amin'ny firotsahan'ny ranonorana farany Andriamanitra, izay hanome antsika hery hitoriana amin'ny feo avo ny hafatra mitondra fiaianana entin'ireo anjely telo.

Manasa anao aho anio hamaly ny antson'Andriamanitra ka hanao hoe: “Eny Tompo ô, amin'ny herinao sy ny fahefanao dia handeha aho hitory ny hafatry ny anjely telo. Na aiza na aiza anirahanao ahy, dia vonona handeha aho.” Amena.

Mombamomba ny mpanoratra:

I Ted N. C. Wilson no filohan'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny andro Fahafito Maneran-Tany. Misy lahatsoratra sy fanazavana fa+nampiny azo jerena ao amin'ny kaonty twitter an'ny filoha: @pastortedwilson sy Facebook: @Pastor Ted Wilson.

Fanontaniana hosaintsainina

1. Nahoana no zava-dehibe ny mamaky ny hafatry ny anjely telo ao anatin'ny tontolon-kevitry ny faminaniana ara-Baiboly mivelatra kokoa?
2. Inona no mety holazainao amin'ny olona iray izay avy namaky ity lahatsoratra ity ka miteny aminao hoe: matahotra ny hisaintsaina ny amin'ny andro farany sy izay hitranga any am-parany aho?
3. Ahoana no hanambaranao ny votoatin'ny hafatry ny anjely telo amin'ny namanao iray izay tsy mbola nandre ny amin'izany mihitsy hattrizay?

Tsy maintsy mandroso isika miaraka amin'
ny fitiavana kristianina sy ny fahamarinan'
ny Baiboly, tahaka ireo olona tamin'ny andro
lasa izay nananteraka ny iraka nampanaovin'
Andriamanitra azy koa.

ANTSO OMBAM- PITIAVANA

**Ny filazantsara mandrakizay ao amin'ny
amin'ny hafatry ny anjely voalohany**

Nidina nankeo amin'ny tanànan'i Betlehema ireo anjely hanambara ny vaovao mahafalin'ny fahaterahan'ny Mpamony (Lio. 2:8-11); ary amin'izao fahantomoran'ny fiverenan'i Kristy izao dia misy anjely indray tonga history ny hery manavotry ny filazantsara mandrakizay. Fehezin'ny filazantsara ny hafatry ny anjely telo (Apôk. 14:6-12): voatonona any amin'ny fiandohany ny filazantsara mandrakizay (and. 6), ary any amin'ny farany dia hitantsika ny finoana ny asam-pamonjena nataon'i Jesôsy - ny fanamarinana amin'ny finoana (and. 12). Mitory ny filazantsara ao anatin'ny tontolon-kevity ny fitsarana farany ataon'Andriamanitra ny anjely voalohany; ny anjely faharoa kosa manambara ny fandresen'ny filazantsara mandrakizay rehefa rava ny filazantsara sandok'i Babilôna (and. 8); ary ny anjely fahatelo dia manambara ny amin'ny fitsarana farany, rehefa hiaiky ny fitiavana sy ny fahamarinan'Andriamanitra izay aseho amin'ny alalan'ny Zanak'ondry ny herin'ny ratsy (and. 10).

Filazantsara, fitiavana, fifanandrinana

Ny zavatra asongadin'ny filazantsara ao amin'ireo hafatra ireo dia midika fa "amin'ireo rehetra mitonona ho Kristianina, dia ny Advantista Mitandrina ny Andro fahafito no tokony ho voalohany indrindra amin'ny fanandratana an'i Kristy eo imason'izao tontolo izao" - Ellen G. White, *Evangelism* Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1946, t. 188. - fihaihana lehibe indrindra izany. Andeha hasongadintsika ireo toetra telon'ny filazantsara ao amin'ny hafatry ny anjely voalohany.

Ny filazantsara mandrakizain'ny fitiavan'Andriamanitra

Mandrakizay ny filazantsara, satria ny fisainan'Andriamanitra no namolavola izany tao amin'ny mandrakizay ary naseho teo amin'ny tantara izany tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy (Rôm. 16:25,26; Kôl. 1:26,27). Mandrakizay izany satria tsy miovaova ary mitoetra mandrakariva ny hery manavotra ananany. Voafaokan'ny Filazantsara ao amin'ny Apôkalipsy izay rehetra nataon'Andriamanitra ho antsika amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy, ao anatin'izany ny fahafatesany ho solontsika, ny fitsanganany tamin'ny maty (Apôk. 1:18), ny fiakarany any andanitra (Apôk. 12:5) ary ny fametrahana Azy eo amin'ny sez a fiandrianana (Apôk. 4 sy 5); ny asa fanelanelanana ataony any an-danitra (Apôk. 8:3, 4) ary ny fiavany be voninahitra mba hahatanteraka ny famonjena ny olony sy hitsara ireo ratsy fanahy (Apôk. 1:7; 14:10; 19:11; 22:20). Asehon'i Jaona antsika ny ivo lalina indrindran'ny filazantsara izay naseho teo amin'ny hazo fijalian'i Kristy.

Ao amin'ny teny fanambaran'i Jaona ny voninahitr'i Jesôsy no isehoan'ny filazantsara voalohany ao amin'ny fiandohan'ny bokin'ny Apôkalipsy: “*Ho an'izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny râny*” - Apôk. 1:5. Izay tsy mety ho takatry ny voary rehetra amin'ny fahafenoany no efa nitranga, ary filazantsara izany ho azy ireo! Momba ny fitiavana sy ny ra izany; momba Ilay Andriamanitra izay namakivaky ny lohasahan'ny fahafatesana ka nanao fanelanelanana ho antsika, nanadio

antsika ho afaka amin'ny fahotana. Ny fitiavan'Andriamanitra izay naseho ho hita maso teo amin'ny tantara izany. Mariho fa amin'ny filazam-potoana ankehitriny ny matoanteny eto - “*izay tia antsika*” - manondro ny fitiavan'Andriamanitra izay mirotsaka amintsika tsy tapaka izany. Araka ny nambaran'i Jaona, izany fitiavana manokana izany dia naseho teo amin'ny Zanak'Andriamanitra nanolotra ny ainy ho fanatitra teo amin'ny hazo fijaliana (mariho ny filazam-potoana lasa - “*namaha antsika*”). Ny fitiavana izay niseho tamin'ny alalan'ny fanatitra nalatsa-dra no nanapatapaka ny herin'ny fahotana sy nanafaka antsika mba hanompoantsika an'Andriamanitra.

Ny Zanak'ondry sy ny filazantsara

Ny sarin'ny Zanak'ondry izay novonoina no tena misongadina ao amin'ny hafatra mahavonjy ao amin'ny Apôkalipsy. Lehibe sy manan-danja tokoa ny fisehoany ao amin'io boky io. Mipetraka eo amin'ny sez a fiandrianany Andriamanitra mitana ny boky voaisy tombokase izay tsy misy mahazo manokatra azy afa-tsy ny Zanak'ondry izay novonoina (Apôk. 5:1-6). “*Liona*” avy amin'ny firenen'i Joda no iantsoan'ilay anjely Azy, anarana amin'ny maha-Mesia Azy izany (and. 5), kanefa rehefa njery io Liona io i Jaona dia ny “*Zanak'ondry nitsangana tahaka ny efa voavono*” no hitany (and. 6). Ny vaovao mahafaly dia ny handresen'io Liona io ireo fahavalon'Andriamanitra amin'ny fahatongavany ho Zanak'ondry, dia Zanak'ondry atao fanatitra. Eny tokoa, misy hery sy fahefana eto, herin'ny Zanak'ondry izay novonoina izany, izany

hoe fahefan'Andriamanitra naseho teo amin'ny hazo fijaliana. Rehefa mahita ny Zanak'ondry ireo rehetra manodidina ny seza fiandrianana dia miankohoka mba hidera Azy amin'ny fihirana manao hoe: “*Hianao no miendrika (...) fa voavono Hianao, ary ny rànao no nanavotanao ho an'Andriamanitra olona avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra*” - and. 9. Hitantsika eto indray ireo hevitra fototra anankiroa mahakasika ny ra sy ny fanavotana, amin'ny alalan'ireo no anoloran'Andriamanitra ny voninahitra ho avy ho an'ny mpanota izay mibebaka.

Ao amin'ny Apôk. 7:9-15 dia mitsangana eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry ireo vahoakan' Andriamanitra amin'ny andro farany, midera Azy sy vonona hanompo Azy ireo. Mijoro eo anatrehan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry izy ireo satria nanasa ny akanjony sy namotsy izany tamin'ny ran'ny Zanak'ondry (and. 14). Tsy hoe manavotra ny taranak'olombelona fotsiny ny fanatitra nataon'ny Zanak'ondry fa manadio azy ho afaka amin'ny fahotany koa.

Raha ny marina, ny fanavotana dia fanavotana ho afaka amin'ny fahotana mba hahafahantsika mankeo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra sy manompo Azy. Koa satria ny fahafatesan'ny Zanak'ondry ho fanatitra no mahatanteraka izany fanafahana be voninahitra izany, dia azontsika atao ankehitriny ny miandany amin'ny Zanak'ondry ao amin'ilay fifanandrinana lehibe mahakasika izao rehetra izao, izay iadiany amin'ny

dragona sy adreseny azy “*noho ny amin'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny filazana Azy*” - Apôk. 12:11. Toe-javatra roa voatonona araka ny filaharany ireo: ny fandresena izay azo tamin'ny alalan'ny sorona nataon'i Kristy ary ny fijoroana ho vavolombelona mikasika izay nataon'Andriamanitra ho antsika tamin'ny alalan'ny Zanak'ondry. Ny Zanak'ondry no maneho ny filazantsara mandrakizay ao amin'ny Apôkalipsy.

Filazantsara sy fifanandrinana

Ao anatin'ny tontolon-kevity ny fifanandrinana no misy ny fitoriana ny filazantsara. Ampahany amin'ny tantaran'ny fikomiana izay niandoha tany an-danitra izany (Apôk. 12:7,8) izay nahafaoka ny taranak'olombelona (Gen. 3:1-8). Efa antomotra ny fiafaran'izany fifanandrinana izany ka miomana mba handresy ireo vahoakan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny famitahaha sy ny fanenjehana ilay dragona (Apôk. 13:13-15). Akambany ireo fivavahana kristianina nihemotra (and. 1-7) ary amin'ny alalan'ny hafatry ny fanahin'ny demonia telo (ny filalaovana angatra) no ahazoany ny fanohanana'ireo mpanjakan'ny tany (Apôk. 16:13,14). Etsy andanin'izany, amin'ny alalan'ny hafatry ny anjely telo no anangonan'Andriamanitra ireo vahoakany amin'ny andro farany, avy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena ary ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra (Apôk. 14:6-12) ho amin'ny fiomanana ho amin'ny fiverenan'i Kristy (and. 14-20). Ao amin'izany fifanandrinana farany izany dia ny ran'ny Zanak'ondry irery ihany no hahazoana ny fandresena (Apôk. 12:11).

Famaranana

Natao hotorina manerana ny tany rehetra ny filazantsara; izany no hany vahaolana ho an'ny fifanandrinana lehibe eo amin'ny tsara sy ny ratsy. Ireo anjely telo dia "maneho ireo izay mandray ny fahamarinana, ary mizara ny filazantsara amin-kery amin'izao tontolo izao." - *The Seventh-day Adventist Bible Commentary*, ed. F. D. Nichol, rev. ed., Ellen G. White Comments (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1980), vol. 7, p. 979. Eto isika dia manala sarona ny votoatin'ny hafatra advantista - ny filazantsara.

Tsy misy zavatra tokony hahavariana antsika ka tsy itorantsika amin'ny alalan'ny teny sy ny asa fa ampy ny ran'ny Zanak'ondry. Ilaintsika ny mahatakatra mazava ny filazantsara; ilaintsika ihany koa anefa ny maneho izany eo amin'ny fainantsika mba hahatonga antsika ho olona manam-pitiavana eo am-panompoana ny hafa. Ny fiangonantsika sy ireo sahan'asantsika

dia tokony ho toerana anehoana ny fitiavana ny Zanak'ondry amin'ny fainana voatokana ho Azy manontolo.

Fanontaniana hosaintsainina:

1. Nahoana no zava-dehibe tokoa ny fahitana ny filazantsara ao amin'ireo hafatry ny anjely telo?
2. Moa ve ianao matahotra ny hafatra mahakasika ny fitsarana ao amin'ny Apôkalipsy? Eny sa tsia, nahoana?
3. Ahoana no ahafahantsika mampita amin'ny hafa amin'ny fomba mahomby ny amin'ny Zanak'ondry sy ny filazantsara ao amin'ny bokin'ny Apôkalipsy ao anatin'izao tontolo izao lahika?

Ao amin'ny Apôkalipsy
ny Zanak'ondry dia fanehoana ny filazantsara
mandrakizay.

FIBEBAHANA SY FITSARANA

**Ny filazantsara mandrakizay ao
amin'ny hafatry ny anjely voalohany**

Mitarika ho amin'ny fiantsoana ny olona hiandany amin'Andriamanitra ao amin'ilay ady ifanaovan'ny tsara sy ny ratsy ny fitoriana ny filazantsara mandrakizay (Apôk. 14:7).

Manaja ny fahafahan'ny olona Andriamanitra ary manasa ny tsirairay hamaly malalaka ny drafiny ho azy ireo. Hamaritra izay ho anjaran'ny isam-batan'olona mandrakizay io fanapahan-kevitra lehibe indrindra io. Ny antso dia toy ny an'ny ray aman-dreny mahatsapa fa handray fanapahan-kevitra diso ny zanany, ka manao izay rehetra azony atao hanakanana azy ireo tsy hanao izany. Avy amin'ny fon'Andriamanitra fitiavana ny fiantsoana.

Antso maneran-tany

Miseho amin'ny fampiasana filaza mandidy telo ny maha-zava-dehibe ilay fanapahan-kevitra: *Matahora an'Andriamanitra, omeo voninahitra Izy*, ary *manompoa Azy*. Horesahantsika amin'ny tsipiriany kokoa izy telo ireo.

“Matahora an'Andriamanitra”

Afaka manaitra antsika hanao zavatra hisorohana ny loza izay nahatonga azy ny tahotra. Ao amin'ny Soratra Masina dia niteraka tahotra ny fanatrehan'Andriamanitra. Iza no tsy hangovitra eo anatrehan'Andriamanitra izay maneho ny tenany amin'ny voninahitra sy fahazavana tsy hita lany sady manozongozona sy mampiety ny voary eo anatrehany? Matahotra ny ainy ny olona, tsy sanatria mandrahona ny hamono azy Andriamanitra, fa noho ny fahatsapany fa mahery loatra ilay fanandramana ka matahotra ny tsy hahazaka izany izy ireo (Eks. 20:19). Manatona ny voariny io Andriamanitra tsy manantsahala io, maniry mafy ny ho Andriamanitr'izy ireo.

Vokany, ny tahotra izay niseho tamin'ny hovitra sy horohoro dia nisarika azy ireo ho eo Aminy tamim-panajana, niseho tamin'ny fileferana feno fankasitrahana taminy, tamin'ny fiankohofana, sy fifandraisana tamin'ilay Iray izay Izy mihitsy no fainana. (Deo. 5:26,27). Izany no tahotra feno fanajana marina ilay Andriamanitra Mpamorona sady Mpanavotra. (Eks. 20:1; Apôk. 4:10,11; 5:8,9).

Ny Mpitt. 12:13,14 no fampitahana ara-Baiboly tsara indrindra momba ny antso hatahotra an'Andriamanitra (Apok.14:7). 1. Samy ampiasana ny *filaza mandidy* ireo andininy ireo (“matahora an'Andriamanitra”) izay anehoana hamehana. 2. *Maneran-tany ny antso*, miantefa amin’ny olombelona rehetra (“tokony atao’ny olona rehetra [Mpitt. 12:13]); “amin’izay monina ambonin’ny tany” [Apôk. 14:6]. 3. Mifamatotra amin’ny *fitsarana* ny fahatahorana an'Andriamanitra (“ny atao rehetra dia ho entiny ho amin’ny fitsarana” [Mpitt. 12:14]; “fa tonga ny ora fitsarany” [Apôk. 14:7]). 4. Mifandray amin’ny fitandremana ny *didiny* ny fahatahorana an'Andriamanitra (“Andriamanitra no atahory ary ny didiny no tandremo” [Mpitt. 12:13]; “ny olona masina dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra” [Apôk. 14:12].)

Manasa avy hatrany ny olona hanao io Andriamanitra be voninahitra io ho Andriamaniry ny tenany manokana, sy haneho ny “fahatahorany” Azy (na ny “fanajany”) amin’ny fileferana

amin’ny sitrapony feno fitiavana, ny anjely voalohany. Ny ankoatra izany dia tahotra/fanekena ny dragona mba ho afa-mandositra ny fahafatesana (Apôk. 13:15), kanefa Izy “*izay velona*” ihany no Ilay maty nefá “*velona mandrakizay*” ankehitriny. Ilay Zanak’ondry novonoina ihany no afaka mitahiry ny aina (Apôk. 1:18).

“Omeo voninahitra Izy”

Tokony hamela ny avonavony ny olombelona ka hanome haja sy voninahitra an'Andriamanitra.

Soritan’ny anjely ny fomba tokony hanomezan’ny olombelona voninahitra an'Andriamanitra. Revo ao anatin’ny ady ifanandrinan’ny ratsy sy ny tsara mantsy izy ireo, izay mahatongany olonahiahayahy ny amin’ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahamarinany. Ny filazana hoe “omeo voninahitra Andriamanitra” dia ampiasaina ao amin’ny Baiboly ao anatin’ny tontolon’ny fitsarana, mba hanekena ny maha-mpanota ny olombelona sy ny fahamarinan’ny fitsaran'Andriamanitra. Amin’izany, ny fanambarana dia fiaikena ho meloka (Jos. 7:19) sy/na fanehoana fibebahaha (Jer. 13:16; 1 Sam. 6:5).

Ao amin’ny Apôkalipsy, ny hoe “hanome voninahitra” an'Andriamanitra dia, voalohany, mamaritra izay mitranga any an-danitra, izay iarahan’ny mponin’ny lanitra manambara fa mendrika ny homem-boninahitra Andriamanitra satria Izy no Mpahary (Apôk. 4:9-11) sy Mpanavotra, amin’ny

alalan'ny Zanak'ondry (Apôk. 5:9-13). Faharoa, asaina manome voninahitra an'Andriamanitra ny olona eto ambonin'ny tany (Apôk. 11:13; 14:7; 16:9).

Fahatelo, amin'ny fiafaran'ny ady ifanaovan'ny tsara sy ny ratsy dia hanome voninahitra an'Andriamanitra ny rehetra (Apôk. 19:7; jereo ny Apôk. 5:13). Eto an-tany dia misy ny tsy fetezana hiaiky fa mpanota ny olombelona ary Andriamanitra dia marina sady be fitiavana. Tsy maintsy alefa ho an'ny rehetra ny antso, ka ny sasany ho vavolombelon'ny fandravana mahatsiravin'ny herin'ny natiora ary "hanome voninahitra an'Andriamanitra"; hiaiky izy ireo fa mpanota ary marina ny didim-pitsaran'Andriamanitra (Apôk. 11:13; Rôm. 10:8,9).

Fiankohofana sy fitsarana

Ny antso atao mba hanaiky Ilay Andriamanitra lehibe ao amin'ny Baiboly ho Andriamaniry ny tena manokana, hiaiky ny fahotana, hiaiky ny fitsaran'Andriamanitra sy ny fitiavany, izany rehetra izany dia voazava ao anatin'ny tontolonekevity ny fanambarana fa "tonga ny ora fitsarany" (Apôk. 14:7). Raha ny marina, ny fitsarana dia fitadiavana ara-dalàna ny fahamarinana. Heloka bevava mahenika izao tontolo rehetra izao no notanterahin'ireo herin'ny ratsy rehefa namely ny fahatokian'ny toetran'Andriamanitra fitiavana izy ireo, kanefa amin'ny fitsarana farany dia ho hita mazava ny anaran'Andriamanitra.

Nampiroborobo ny fitaky ny dragona ny ratsy fanahy, saingy hampiharihary ny hadisoany kosa ny fitsarana. Ankehitriny no tokony hatahoran'ny olona an'Andriamanitra sy hanomezany voninahitra Azy.

Foto-pinoana kristianina ny fitsarana farany. Araka ny Baiboly dia misy dingana telo ny fitsarana farany. Ny voalohany dia ny fitsarana any an-danitra mialoha ny hiavian'i Kristy fanindroany, izay anaovana famotopotorana ny fiainan'ny vahoakan'Andriamanitra mba hahafantarana raha nijoro ho mahatoky tamin'ny fanekena ny finoana ny Zanak'ondry izy ireo (ohatra: Dan. 7:8-10,13,22; Rôm. 2:5,6; 1 Kôr. 3:8; 2 Kôr. 5:10; Efes. 6:8). Ho avy hamonjy ny olony i Kristy fa tsy hitsara azy ireo (Heb. 9:28).

Mino ny fitsarana mialoha ny fiverenan'i Kristy koa ireo Kristianina mino ny tsy fahafatesan'ny fanahy. Mivoaka ny didim-pitsarana ho an'ilay fanahy tsy mety maty, hoy izy ireo, rehefa maty ilay olona; amin'io fotoana io no voafaritra ara-dalàna izay ho anjarany mandrakizay. Mandà ny tsy fahafatesan'ny fanahy ny Baiboly, ary mampianatra fa "matory" ao amin'ny Tompo ilay olona mandra-piavin'i Kristy. Faharoa, misy ny fitsarana aorian'ny arivo taona, izay hijoroan'ny herin'ny ratsy sy ny mpanohana azy eo anoloan'ny sezà fiandrianan'Andriamanitra (Apôk. 14:10; 20:11,12). Miseho aorian'izay ny lafiny fahatelo amin'ny fitsarana farany, dia ny dingana fanatanterahana (Apok.

20), izay hanadiovana tanterakany tontolo amin'ny ota. Io tranga faratampony io izay naseho ara-tandindona tao amin'ny Testamenta Taloha tamin'ny Andro Fanavotana, dia manondro ny fotoana ("ora") amin'ny tantara hanombohana ny raharaha-pitsarana any an-danitra, araka ny fanisan'andro masina, tamin'ny 1844 (Dan. 8:14; jer. ny Apôk. 11:19; 14:7). Tokony hiantso ny olona hatahotra an'Andriamanitra sy hanome voninahitra Azy isika izay miaina amin'ny Andro Fanavotana tena izy.

Famaranana

Maniry ny ho Andriamanitsika Ilay Andriamaniry ny Soratra Masina be voninahitra sy tsy takatry ny saina, saingy antsika kosa ny fanapahan-kevitra. Ny fitsarana farany dia hampiharihary fa tamin'ny alalan'ny hazo fijalian'i Kristy no nanehoan'Andriamanitra ny fitiavany tsy manam-petra ka namonjeny ny mpanota toa antsika.

Ankehitriny dia misafidy ny hatahotra sy hanome voninahitra Azy isika, amin'ny fiandaniana amin'ny Zanak'ondry eo amin'ny ady ifanandrinan'ny tsara sy ny ratsy.

Fanontaniana hosaintsainina:

1. Ahoana no ahafahantsika mampifandray ny hafatry ny anjely telo momba ny fitsarana ao amin'ny Apôkalipsy amin'ny tantaram-pitiavana hita manerana ny Filazantsara?
2. Ahoana no ahafahantsika "manome voninahitra" an'Andriamanitra amin'ny fainantsika isan'andro?
3. Nahoana ny teny fikasana momba ny didim-pitsaran'Andriamanitra no hafatra feno fanantenana eto amin'izao tontolo izao izay fehezin'ny hambom-po sy ny ota ary ny faharatsiana?

Raha ny marina,
ny fitsarana dia fikatsahana ara-dalàna ny
fahamarinana.

MIANKOHOFA AMIN'NY MPAMORONA

**Ny filazantsara mandrakizay
ao amin'ny hafatry ny anjely voalohany**

Tokony hanako manerana izao tontolo izao ny hafatry ny lanitra, nambaran'ny anjely voalohany, fiantsoana maika ny rehetra hatahotra, hanome voninahitra ary hiankohoka amin'ny Mpamorona (Apôk. 14:7). Mametraka antsika eo anivon'ny ady ifanaovan'ny tsara sy ny ratsy ny fiankohofana, ka mampirisika antsika hiankohoka amin'ny Mpamorona fa tsy ilay kerobima lavo (jereo ny Mat. 4:9), izay mikatsaka mandrakariva ny hampisaraka an'Andriamanitra amin'ny ampahany amin'ny voariny. Fitsapana mahery vaika ny fiankohofana ao anatin'ilay fifanandrinana.

Fiankohofana - fanehoana fahatokiana amin'ny Zanak'ondry

Ny matoanteny grika nadika hoe “miankohoka” ao amin’ny Apôk. 14:7 dia *proskuneo*, izay midika ara-bakiteny hoe “miondrika ambany” na “mihohoka”. Maneho fihetsika manaja izany raha ampiharina amin’ny olombelona, fa raha Andriamanitra no iantefany, dia manondro ny fiondrehan’ny vatana sy ny mahazy ao anaty hanehoana ny fanafoanana ny tenantsika izay lavo mba hahitana ny fahatanterahana ao Aminy, dia Izy izay ivo sy tanjon’ny fainantsika. Manondro fihetsika roa lehibe ny fiankohofana.

Fiankohofana ho fiaikem-pinoana

Miondrika sy miankohoka eo anoloan’ny sezà fiandrianan’Andriamanitra ny mponina any an-danitra, manao hoe: “*Ianao Tomponay sy Andriamanitray no mendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; fa Ianao no nahary ny zavatra rehetra.*” - Apôk. 4:11. Miaiky izy ireo fa manompo an’Andriamanitra Mpamorona ary manasa ny olona hanatevin-daharana azy ireo amin’ny fiankohofana.

Ny fiankohofana dia fiaikena ny finoana an'Andriamanitra, izay ambarantsika hoe Mpamorona *ahy*. Amin'ny alalan'ny Fanahy dia miorim-paka lalina ao anatintsika io fiaikem-pinoana io, ary ambara amin'ny teny sy ny asa; fiondrehana amin'ny fileferana tanteraka (Jereo ny Rôm. 10:9,10).

Raha ny marina, dia mifandray kokoa amin'ny fiainana ny fiankohofana amin'ny Mpamorona, satria Izy no loharanon'ny fiainantsika. Noho izany, dia toy ny ao an-trano mihitsy ny fiankohofana, satria manatrika antsika ny Raïntsika, izay nanome aina antsika tamin'ny alalan'ny asa famoronana tamim-pitiavana. Izany no manazava ny antony ao amin'ny Baiboly fa izay velona ihany no afaka midera ny Tompo (Sal. 115:17,18). Mahita ilay Iray, izay fiainana, ny voary manana aina, ka miondrika amimpankasitrahana sy amim-pitiavana eo anatrehan. Tsy zavatra ataontsika indraindray io karazana fanompoana io, fa fiainana iainana mitohy eo anatrehan'Andriamanitra sy andehanana am-panetren-tena eo anoloany.

Nahita ny mponin'ny lanitra koa i Jaona, niondrika teo anoloan'ny Zanak'ondry tamin'ny fiankohofana nanao hoe: “*Ianao no mendrika [Zanak'ondry]...; fa voavono ianao, ary ny rânao no nanavotanao ho an'Andriamanitra olona avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra.*” - Apôk. 5:9. Ny fiankohofana

dia fiaikena ny finoana an'i Kristy izay Mpanavotra nahatonga antsika ho olombaoavao (Jao. 3:7; 2 Kôr. 5:17).

Ny fanavotana dia miaiky fa nosimban'ilay kerobima lavo ny zavaboarin'Andriamanitra tany amboaloany, ka nihataka lavitra ny fonenany ny olona. Dia nidina teo amin'ny planetan'ny voary tia tena ny Zanak'Andriamanitra, mba hitondra azy ireo hody indray (Jer. ny Isa. 53:6), ho amin'Ilay loharanon'aina. Ilay fiainana very teo kosa, izay naverina tamintsika indray tamin'ny alalan'ny asa famonjena nataon'i Kristy, dia miaiky eo anatrehan'izao voary rehetra izao fa Izy no Mpanavotra, ary amin'izany dia miankohoka eo anatrehan amin'ny fanompoana feno fankasitrahana ny tenantsika efa lavo.

Fiaikena maneho fahatokiana

Ny fiankohofana dia fanehoana fahatokiana amin'Andriamanitra amin'ny maha-Mpamorona sy Mpanavotra antsika. Fiandaniana amin'Andriamanitra izany eo amin'ny ady ifanandrinan'ny tsara sy ny ratsy, ary ny vokany dia fanoherana ny herin'ny ratsy. Tahaka ireo makaizan'i Daniela telolahy (Dan. 3:16-18), sy i Daniela (Dan. 6:10), dia tsy matahotra ny dragona ny mpanaraka ny Zanak'ondry. Koa satria tsy tompon'ny aina ny zavaboary, dia tsy afaka ny hiaro ny ainy manokana izy, mainka moa ny ain'ny zavaboary hafa. Noho izany ny fiankohofana amin'ilay kerobima lavo, ho fanehoana fahatokiana aminy, dia fifidianana ny

fahafatesana. Manana ny “*saharetan’ny olona masina*” sy “*mitandrina ny didin’Andriamanitra sy ny finoany an’i Jesosy*” ny vahoakan’Andriamanitra mahatoky (Apôk. 14:12). Ny fiankohofana amin’Andriamanitra amin’ny maha-Mpahary sy Mpanavotra dia miseho eo amin’ny fainany, amin’ny faharetany amin’ny fankatoavana ny didin’Andriamanitra sy ny fihazonany ny finoany an’i Kristy ho Mpanavotra.

Voalohany indrindra, ireo didy voalaza ao amin’ny Apôkalipsy dia ny Didy folo (Eks. 20:1-17). Fanasana hankatô ny didy voalohany ny antso ho amin’ny fiankohofana amin’Andriamanitra (Apôk. 14:7); ny fampitandremana tsy hiankohoka amin’ny sarin’ny bibidia dia manasa antsika hitandrina ny didy faharoa (andininy 9); ary ny fanamelohana ny bibidia noho ny fitenenan-dratsy ny anaran’Andriamanitra dia mitaky fankatoavana ny didy fahatelo (Apôk. 13:6). Ny tsy maintsy iankohofana amin’Andriamanitra “*Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano*” (Apôk. 14:7) dia mampiasa ny fiteny sy ny hevitra hita ao amin’ny didy fahefatra (Eks. 20:11), manondro ny zava-dehibe amin’ny fanontaniana hoe iza no iankohofana. “Raha notandremana manerana izao tontolo izao ny Sabata, dia ho voasarika ho eo amin’ny Mpamorona, izay anton’ny fanajana sy fanompoana, ny eritreritra sy ny fitiavan’ny olona, ary tsy ho nisy mpanompo sampy, tsy mino an’Andriamanitra na tsy mahatoky.” -

Ellen G. White, *The Great Controversy* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1911), t. 438.

Tsy fahatsiarovana ny famoronana ihany ny Sabata, fa fahatsiarovana Ilay namorona ny zava-drehetra tamin’ny alalan’i Kristy koa. Zava-dehibe amin’ilay dragona tokoa ny hanilihana mandrakizay io fahatsiarovana io. Izay no manazava ny antony mahatonga “ny resaka Sabata ho fototry ny olana eo amin’ilay ady lehibe izay andraisan’ny rehetra anjara.” – *The Seventh-day Adventist Bible Commentary*, ed. F. D. Nichol, rev. ed., Ellen G. White Comments (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1980), b. 7, t. 979.

Miseho amin’ny endriny fototra roa farafahakeliny, amin’izao fotoana izao, ny fandavana ny didy momba ny Sabata. Ny voalohany dia avy amin’ny Kristianisma nivadi-pinoana, izay nanilika ny andro fahafito tsy ho Sabata ara-Baiboly fa nampiroborobo kosa ny fitandremana ny Alahady. Ny faharoa dia avy amin’ny tontolon’ny fandalinana siansa natoraly. Ny fotokevitra momba ny fivoarana miandalana eo amin’ny zavaboary dia nanaisotra tamin’ny fisainan’ny mpahay siansa maro sy ny manam-pahaizana hafa, ny fisian’Andriamanitra Mpamorona tsy takatry ny saina, nefo manana ny maha-Izy Azy – ka tsy noraharahaina ny Sabata izay fahatsiarovana ny Mpamorona.

Amin'izy ireodiatsymisy Mpamorona sady tsy misy ilana Azy, satria ny zavatra hitantsika rehetra dia vokatry ny kisendrasendra sy fizotran-javatra natoraly tsy misy tanjona. Kristianina maro no nanandrana nampifanaraka ny fivoarana miandalana eo amin'ny natiora sy ny finoana kristianina, tamin'ny filazana fa Andriamanitra dia namorona tamin'ny alalan'ny fivoarana miandalana nahitana tolona, fijaliana, fahavelomana ary fahafatesana. Tsy mitovy mihitsy amin'ilay Andriamanitra be fitiavana ara-Baiboly izay Mpamorona sy Mpanavotra anefa io Andriamanitra io. Ao anatin'izany tontolon-kevitra izany no iantsoan'ny anjely voalohany ny olona rehetra hiankohoka amin'Andriamanitra; resaka fiainana sy fahafatesana izany.

Famaranana

Mitohy ny fifanandrinana, ary fantatra mazava ny fototry ny olana: iza no mendrika hiankohofana? Andriamanitra irery ihany, izay namorona ny zavadrehetra tamin'ny alalan'i Kristy sy nanavotra antsika tamin'ny alalan'ny Zanak'ondry no mendrika hivavahana.

Ny loharanon'aina ihany no afaka mamorona sy hamorona aina indray amin'ny alalan'ny fanavotana. Ekentsika fa marina izany rehefa miondrika eo anatrehan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry isika ary manompo Azy.

Fanontaniana hosaintsainina:

1. Diniho ity fanambarana tamin'ny vakteyny androany ity: "Ny asa fiankohofana dia fiaikempinoana ankapobeny". Inona no akon'io foto-kevitra io eo amin'ny fivavahantsika?
2. Nahoana no zava-dehibe ny mahatakatra ny fifandraisana misy eo amin'ny fiankohofana sy ny famoronana?
3. Ahoana no ahafahantsika mampifandray amim-pahavitrihana ny hafatry ny anjely voalohany amin'ireo olona manodidina antsika izay mino ny fivoarana miandalana?

Toy ny ao an-tokantrano
mihitsy ny fiankohofana satria eo amin'ny
fanatrehan'ny Ray isika.

MANDRESY NY FANOHERANA REHETRA NY FILAZANTSARA

Ny hafatry ny anjely faharoa

Ao amin'ny bokin'ny Apôkalipsy, ny asan'ny herin'ny ratsy dia maka tahaka ny an'Andriamanitra. Ohatra, Andriamanitra dia manana anjely telo izay manambara ny filazantsara amin'izao tontolo izao (Apôk. 14:6-12); ilay dragona kosa dia manana fanahin'ny demonia telo “izay mankany amin'ireo mpanjaka rehetra amin'ny tany mba hanakambana azy ireo ho amin'ilay fifanandrinana lehibe farany amin'Ilay zanak'ondry” - Apôk. 16:13,14. Ny hafatr'ilay anjely faharoa dia miorina eo amin'izany fomba fijery izany. Manana tanàna Andriamanitra ary mamorona ny azy koa ny dragona: Babilôna. Manambara ny hafatry ny filazantsara mandrakizay sandoka amin'ny olombelona i Babilôna; noho izany dia tsy haharitra izany.

I Babilôna sy ilay Zanak'ondry

Manambara vaovao mahafaly ilay anjely faharoa: “*Rava! Rava Babylon lehibe! Izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain’ny fahatezerana noho ny fijangajangany*” - Apôk. 14:8. Hojerentsika amin’ny tsipiriany kokoa ireo singa fotra ao anatin’io hafatra io.

I Bailôna teo aloha sy ilay Kerobima Lavo

Tao amin’ny “*tany lemaka tany amin’ny tany Sinara*”(Gen 11:2), anarana hafa iantsoana an’i Babilôna, manondro ny faritra atsimon’i Mezôpôtamia no niantombohan’ny zavatra rehetra. Tao, taorian’ny safodrano, no nanapa-kevitra ny hanorina tanàna iray antsoina hoe Babela, nahitana tilikambo iray nanakatra ny lanitra (and. 4) ny olombelona. Ao anatin’io tantara io, ny anarana hoe Babela dia mifototra amin’ny matoanteny hebreo hoe *Balal* izay midika hoe “manafangaro” ary manondro fa ny dikan’ny hoe Babela dia “fikororohana”. Ny tantara dia miresaka ny amin’ny tetikasa iray hampivondronana ny olombelona rehetra ho amin’ny tanjona iraisana. Mahakasika ny zava-bitä tsara indrindra nataon’olombelona izany, izay niainga avy tamin’ny ahiahy momba ny fitohizan’ny taranak’olombelona. Mahakasika ny fanirian-daza fatratra tsy azon’ny saina eritreretina izany, satria nisy fikasana hanapaka eo amin’ny tany sy ny lanitra tao, eny, eo amin’ny zavatra rehetra mihitsy. Izany faniriana ambony dia ambony izany

dia notanterahina tamin’ny alalan’ny fanamboarana tanàna iray manakadanitra izay misintaka hahaleo tena tanteraka tsy misy an’Andriamanitra, itoeran’ny ankolafy lehibe roa manandanja indrindra eo amin’ny fisiana, dia ny maha-olombelona sy ny maha-andriamanitra. Ireo Babilônianina dia niantso izany tanàna izany hoe *babilani*, “vavahadin’ireo andriamanitra” satria mety ho hita ho toy ny tanàna izay mampivondrona ny olombelona amin’ny tany ary ireo andriamanitra any an-danitra izany. Momba ny hetsika fanoherana ny fikasana masina ho an’ny taranak’olombelona ny tantara ao amin’ny Baiboly mahakasika izany (Gen. 9:7; 11:4). Tapitra hatreо ilay fikasana hanorina sy ilay tanjona nokendrena rehefa niditra an-tsehatra Andriamanitra, ilay tsy nasaina, tamin’ny alalan’ny fanorokorohana ny anjara asa fampiraisana nananan’ny fitenin’olombelona (Gen. 11:7,8).

Ny hambom-po sy ny fiheverana ho mahavita tena nananan’i Babilôna dia voalaza mazava tsara ao amin’ny bokin’ny Isaia rehefa nanambara ny fotoam-pitsarany an’i Babilôna Andriamanitra, izay ny mpanjakany no nisolo tena azy, (Isa. 14:3-23). Io andalanteny io dia mampiasa ireo faniriana lalina indrindra tao amin’ilay kerobima lavo hanoritsoritana ny faniriana sy ny fikasan’ilay mpanjakany’i Babilôna, ary amin’izany, Andriamanitra dia mampibaribary ny fahalotoana ao anatin’ity kerombima ity: “*Ary ianao efa nanao anakampo hoe: any an-*

danitra no hiakarako, ary ambonin'ny kitan'Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; dia hipetraka eo an-tendrombohitra fivoriana (...) ka ho tahaka ny Avo indrindra” - and. 13,14. Na ahoana na ahoana dia nahazo toerana tao am-pon'ny olombelona koa izany faniriana izany. Eny, fa na dia rava aza ilay Babilôna ara-tantara, ny fanirian'ilay kerobima dia mbola mitoetra hatrany ary hiezaka hatrany ny hahatontosa izany izy amin'ny andro farany.

Ilay Babilônan’ny andro farany sy ilay Kerobima Lavo

Ny fototra sy ny tanjon’ny tanànan’i Babilôna fahiny dia ampiasaina amin’izao fotoana izao ho tandindon’ilay Babilônan’ny andro farany. Ao amin’ny Apôkalipsy, i Babilôna dia, *voalohany*, trinite tsy madio. Izy dia ahitana hery telo mitambatra mba hampiroborobo ny fandaharan’ilay kerobima lavo (Apôk. 16:13). Izany dia ilay dragona izay toa manao ny anjara asan’Andriamanitra (Ohatra: Apôk. 13:2,4); ilay bibidia niakatra avy tamin’ny ranomasina, izay maka tahaka matetika an’i Kristy (ohatra: Apôk. 1:8 sy 13:24); ary ilay bibidia niakatra avy tamin’ny tany, antsoina ihany koa hoe mpaminany sandoka, izay manatanteraka ny asan’ny Fanahy (ohatra: Apôk. 13:13; 19:20). Ao amin’ny fanazavana ara-tantara ireo faminaniana apôkaliptika dia maneho ny fiangonana kristianina tamin’ny Vanim-potoana Antenantenany ilay bibidia niakatra avy tamin’ny ranomasina; maneho ny fiangonana prôtestanta amerikanina

ilay bibidia avy amin’ny tany; ary ilay dragona dia ny spiritisma izay mifototra amin’ny hevit’ireo mpanompo sampy ny amin’ny tsy fahafatesan’ny fanahy, izay hanatanterahan’i Satana fahagagana mamitaka (Apôk. 16:13,14).

Faharoa, i Babilôna dia fanehoana fara tampony amin’ny vanim-potoana farany ny fivavahana kristianina nihemotra, izay mahanika izao tontolo izao. Izany dia ampahany amin’ny fiangonan’i Laodikia izay tsy niraharaha ny antson’i Kristy taminy mba hanokatra ny fony sy hiverina Aminy (Apôk. 3:14-22). Koa satria manan-karena izy (Apôk. 18:3,11-13) ary manana fitafiana tsara tarehy (and. 16,19), dia tsy mila ny harena sy ny fitafiana izay omen’i Kristy ny olona rehetra, dia ny haren’ny filazantsara (Apôk. 3:18). Ireo bibidia izay mandrafitra an’i Babilôna dia tsy ireo bibidian’ny fanaovana tsindry hazo lena ara-tsôsialy sy toe-karena fa fanehoana kosa ny fivavahana kristianina izay manohitra ireo vahokan’Andriamanitra amin’ny andro farany (Apôk. 113:15).

Fahatelo, i Babilôna dia manolotanana izao tontolo izao amin’ny alalan’ny hafa-pamonjena sandoka. Izy “*dia nampisotro ny firenena rehetra ny divain’ny fahatezerana noho ny fijangajangany*” - Apôk. 14:8. Ny hery mammelona an’i Babilôna dia ny fahafinaretana sy ny filana fa tsy fanahy izay hazavain’ny Fanahy Masina. Amin’ny fizara ny divain’ny fijangajangana ara-panahy, i Babilôna dia fantatra amin’ny maha-vady

mpijangajanga azy. Io no manazava ny tsy fahatokiany amin'ny Tompo. Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny fijangajangan'ny Israely tamin'Andriamanitra dia ny fanaovana fifanekena tamin'ny firenen-kafa ho fiarovan-tenan'izy ireo (Ezek. 16:26-29), sy ny fanekena ireo fomba fombam-pivavahana sy ny finoan'ireo firenen-kafa (Jer 2:20, 21; Ezek. 6:9; 16; 23). Samy fanambarana ny apostazia ireo roa ireo (Sal 106:35-39). Ao amin'ny Apôkalipsy, Babilôna dia mitady ny fanohanan'ireo mpanjakan'ny tany (Apôk. 17:12,13) sy manohana ny famitahaha ary ny fiankohofana amin'ilay dragona (Apôk. 13:4).

Fahefatra, ao anatin'ny dingana fananganana ilay Babilôna amin'ny andro farany, ny dragona dia hanatratra ny tontolo tsy kristianina mba hampiray azy manodidina ny faharesen-dahatra amin'ny apostazia. Azo antoka fa tsy ho asa mora izany, satria izao tontolo izao dia feno karazam-pivavahana, hery ara-pôlitika mifanohitra, fomba fisaina mifanipaka ary koa ny tsy finoana ny fisian'Andriamanitra mbamin'ny fisintahan'ny fanjakana amin'ny fiangonana. Ny fomba mahomby indrindra ho an'ny dragona mba hahatanterahana ny tanjony dia ny fampiasana toe-javatra mihoatra ny herin'olombelona. Tsy misy fomba mahomby indrindra afy-tsy izay ivelan'ny maha-olombelona mba hanovana ny fahatokian'ny olombelona izay toa tsy azo iadian-kevitra. Ny Apôkalipsy dia miresaka momba ny fahatanterahan'ny fahagagana lehibe maro avy amin'ny

dragona sy ireo mpiara-miasa aminy izay hitarika fiovana eo amin'ny ara-tsôsialy, pôlitika sy ara-pivavahana manerantany, fiovana izay tsy azo vinavinaina raha amin'izao fotoana ankehitriny izao (Apôk. 13:13,14).

Ny Fandresen'ny Zanak'ondry

Inona ny zavatra atolotr'i Babilôna manokana ho an'izao tontolo izao? I Babilôna dia manolotra ny lalam-pamonjeny manokana amin'ny alalan'ny fanambarany filazantsaran'ny famonjena sandoka. Andriamanitra dia manolotra ho an'izao tontolo izao ny filazantsaran'ny famonjena amin'ny alalan'ny Zanak'Ondry, saingy i Babilôna kosa manolotra divay ho azy. Ny divay mazâna dia oharina amin'ny fitahiam-pamonjen'Andriamanitra ho an'ny olony. I Babilôna dia manolotra ho an'ny mpanara-dia azy ny divain'ny "fitahiam-pamonjeny manokana", izany hoe ny tsy fahafatesany ara-panahy. Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny divay dia antsoina hoe "ny ran'ny voaloboka" (ohatra Deo. 32:14), fanoharana tsara tokoa ho an'ny ra/ain'i Jesôsy. Nandritra ny fanasan'ny Tompo dia nanome ireo mpianany ilay divay maneho ny ainy izay nalatsany mba ho famelana ny ota i Jesôsy (Mat. 26:28) - ilay vaovao mahafalin'ny famonjena. Ao amin'ny filazantsaran'i Jaona, i Jesôsy dia manolotra ny rany ho toy ny hany loharanon'aina ho an'ny mpanota (Jao. 6:53,54; jereo ny Jao. 29:34). Amin'ny fanomezana ny divainy ho an'ny mponin'ny tany dia mizara filazantsara sandoka

izay mody nohamarinina tamin'ny alalan'ny fahagagana mahatalanjona notanterahan'ny dragona sy ny mpiasany (Apôk. 13:13,14; 16:13,14) i Babilôna. Izany filazantsara sandoka izany dia antsoina hoe “*ny divan'ny fahatezerana noho ny fijangajangana* (...) [izany hoe ireo fampianarany feno fihemorana]” (Apôk. 14:8). Fanimbana ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny zanak'olombelona izany, ary noho izany dia tsy fahatokiana/fahavetavetana arapanahy.

Hizara roa ny taranak'olombelona vokatry ny fifanoherana misy eo amin'ny filazantsaran'ny famonjena amin'ny alalan'i Kristy sy ny filazantsaran'ny famonjena amin'ny alalan'ny dragona na ilay kerôbima lavo. Ny fahalavoan'i Babilôna no ho vokatra farany. Dingana roa no hahatanterahan'izany fahalavoana izany. Ny voalohany, dia eo amin'ny ara-panahy, izay mbola an-dalana. Hiseho izany rehefa ho tonga amin'ny fampitambarana indray ireo antokom-pivavahana kristianina nihemotra ilay fihemorana, izay efa niandoha tany aloha teo amin'ny tantaran'ny fiangonana. Tsy mbola miseho amin'ny fahafenoany aloha i Babilôna raha tsy mitranga izany toe-javatra izany. Ny dingana faharoa dia ho tanteraka amin'ny fiverenan'i Jesôsy ary hiafara amin'ny faharesen'i Babilôna tanteraka. I Jaona dia milaza fa amin'izay fotoana izay “*ny Tanana lehibe dia vaky ho telo toko*” - Apôk. 16:19. Ilay trinite tsy masina dia tsy hahavita hivondroana ho iray manoloana ilay Zanak'Ondry (jereo ny Gen 11:8):

“*Ireo dia hiady amin'ny zanak'ondry, ary ny Zanak'ondry haharesy azy*” - Apôk. 17:14. Hitady ny hiafina lavity “*ny fanatrehan'ny Zanak'ondry*” (Apôk. 6:16) ireo ratsy fanahy. Tsy ny famelezan'ilay Liona no haharesy azy fa ilay endriky ny asa fisoronana nataon'ny Zanak'ondry izay novonoina noho ny helotsika kosa. Maneho ny filazantsara Ilay Zanak'ondry ary mivoaka ho mpandresy amin'ny ady.

Famaranana

Tsy mbola miseho amin'ny fahafenoany eto amin'ity izao tontolo izao ity i Babilôna. Araka ny efa nambara, ny dingan'ny apostazia dia efa niatomboka tao amin'ny fiangonana kristianina ary ho tonga amin'ny fara tampony mialoha kelin'ny fiverenan'i Jesôsy (2 Tes. 2:1-10). Zava-dehibe ho antsika ny mandinika izay mitranga eo amin'ny fifandraisan'ny Prôtestanta sy ny Katolika, indrindra eo amin'ny fitomboana goavan'ny hery miasa manginan'ny katôlisma any amin'ny faritra sasantsasany eto an-tany, eny fa na dia eo amin'ireo fivavahana tsy kristianina aza. Mirimorimo ny fiovan'izao tontolo izao! Ary tsy tokony ho gaga isika amin'ny fiovana hafa lehibe, indrindra mahakasika ny lafiny ara-pivavahana. Mandritra izany dia adidintsika ny manambara ny filazantsaran'i Jesôsy Kristy ho toy ny fomba tokana hahazoana famonjena, ary hanaitra ny tany ny amin'ny zavatra miandry antsika. “Mety tsy hanankolazaina betsaka mahakasika ny

fahefana katôlika rômanina sy ny fahefana papaly isika, saingy tokony hisintona ny sain'ny olona amin'izay nosoratan'ireo mpaminany sy ny apôstôly teo ambany fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra.” - Ellen G. White, *Counsels to Writers and Editors* (Nashville: Southern Pub. Assn., 1946), t. 65.

Fanontaniana hosaintsaina

1. Ahoana no ahafahantsika miala amin'ny fomba fisaina babilôrianina eo amin'ny fainantsika?
2. Nahoana no vaovao mahafaly ho an'ny mpanara-dia ny Zanak'ondry ny hafatry ny Apôkalipsy mahakasika ny faharavan'i Babilôna?
3. Isika dia mamaky vaovao tsy marina mandrakariva. Ny bokin'ny Apôkalipsy dia manondro trinite anankiray sandoka izay mitady haka tahaka an'Andriamanitra telo izay iray ao amin'ny Soratra Masina. Ahoana no hahafahantsika miomana mba tsy ho voafitak'izany telo izay iray sandoka izany?

Tsy ny famelezan'ilay Liona no haharesy azy ireo fa ilay endriky ny asa fisoronana nataon'ny Zanak'ondry izay novonoina noho ny helotsika.

FAMPITANDREMANA OMBAM-PITIAVANA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

Ny hafatry ny anjely fahatelo

Naneho ny fanahiany lalina ho an'ny taranak'olombelona mpanota ny Tompo tamin'ny fanambarana tamin'izy ireo ny filazantsara mandrakizay, tamin'ny fiantsoana azy ireo hiverina Aminy (hafatry ny anjely voalohany), ary tamin'ny fanairana azy ireo ny amin'ny filazantsara sandok'i Babilôna (hafatry ny anjely faharoa). Misokatra indray ny fon'Andriamanitra ankehitriny izay mampitandrina ny taranak'olombelona ny amin'ny anjara miandry ireo izay miaraka amin'ny dragona, amin'ny fanantenana fa hihaino izy ireo ary hisafidy ny ho mahatoky amin'ny Zanak'ondry. Mitaona antsika ho amin'ny fitsarana farany sy amin'ny famahana ny olan'ny fifanandrinana lehibe amin'ny alalan'ny Zanak'ondry izany hafatra izany.

Tsy Maintsy Misafidy Isika

Ho an'ny olona sasany, ny fiteny sy ireo sary nampiasaina tao amin'ny hafatry ny anjely fahatelo (Apôk. 14:9-11) dia toa tsy mety ampiarahina amin'ny filazantsaran'i Kristy. Ny famakiana ity hafatra ity miaraka amin'ny fibanjinana ny fitiavan'Ilay Zanak'ondry feno fandavan-tena ihany no hampiharihary ny zava-kendren'ny hafatra.

Fahatokiana

Mifantoka amin'ny iray amin'ireo fanontaniana izay mipetraka matetika ao anatin'ny zanak'olombelona ny hafatry ny anjely fahatelo: Amin'iza no tokony hanehoantsika fahatokiana? Manondro ny fisian'ny fifanandrinana izany hafatra izany ary na toy inona na toy inona ny maha-tafiditra antsika ao anatin'izany, dia mila misafidy izay hiandaniantsika isika. Ny tsy finiavana hisafidy dia safidy ho an'izay vahoaka tsy izy! Tsy misy afa-tsy safidy roa monja: na ny Zanak'ondry

na ilay kerobima lavo. Ao anatin'io fifanandrinana io, dia tsy azo atao ny ho mahatoky amin'ny tena manokana.

Ilay hevity ny fahatokiana izay hitantsika eto dia lalina, satria ny toetrantsika dia mampibaribary ny momba ny tanjon'ny fahatokiantsika. Izany no tondroin'ilay teny hoe “*mandray ny marika eo amin'ny andriny na eo amin'ny tanany*” - Apôk. 14:9,11. Ny fahatokiana aseho amin'ilay kerobima lavo dia mamela soritra hita maso eo amin'ny fiainantsika. Ny fitondrana ny anaran'ilay bibidia dia midika fa niray taminy isika tamin'ireo fikasana sy ireo fanirian'ilay kerobima lavo; azy isika.

Ny hevity ny maha-fananana dia ambara mazava amin'ny alalan'ny mariky ny bibidia. Hitan'ny maso rehetra ny mariky ny fahatokiana eo amin'ny tanana sy eo amin'ny andrina ary mampahatsihy fa ilay olona izay nandray izany dia fananan'ilay kerobima lavo (Eks. 13:9). Izany marika izany dia fanehoana ny fahefan'izay iantefan'ny fahatokiantsika.

Eo am-pandalinana ny tantaran'ny fivavahana kristianina nihemotra, dia mahita isika ny fanehoana fahefana izay mampiseho ny fahatokian'ny olona iray ao anatin'ilay fifanandrinana; mazava tsara fany Alahady izany. Ny fanambarana ny fananana fahefana hanova ny lalân'Andriamanitra dia mihoapampana tokoa. Ny fahefan'Andriamanitra, izay nametraka ny Sabatan'ny andro fahafito ho andro fitsaharana sy ho

fiankohofana, dia nampanginin'ny feon'ny olombelona izay nanova ny Sabata ho Alahady. Amin'izany, ny lalân'Andriamanitra dia hitana anjara asa lehibe ao anatin'ny fifanandrinana farany. Jereo ny fifandraisan'ny fiankohofana sy ny mariky ny bibidia ao amin'ny Apôkalipsy 14:9: “*raha misy olona miankohoka amin'ny bibidia (...) sy mandray ny marika*”. Tsy azo sarahina ireo singa roa ireo. Koa satria andro fiankohofana ny Alahady, ny fileferana amin'izany dia fihetsika fiankohofana ihany koa.

Didy anankiroa no voadika amin'izany: ny voalohany sy ny fahefatra. Mivadika ho Sabata sandoka ny Alahady, satria ny sabata dia mariky ny fahefan'Andriamanitra manamasina.

Divay sy Afo

Ny fahatezeran' Andriamanitra mihatra amin'izy ireo no mandrafitra ny anjara farany ho an'ireo ratsy fanahy. Eto isika dia matrika, izay antsoin'ny sasany hoe zava-tsarotra: Andriamanitra tezitra. Miezaka manazava izany i Jaona amin'ny fampiasana fanoharana momba ny divay, ny afo ary ny solifara. Ireo dia ampiasaina ao amin'ny Testamenta Taloha mba hanoritsoritana ny fitsaran'Andriamanitra ireo fahavalony (Jer. 25:15-28; Sal. 11:6; Gen. 19:24). Fanoharana ihany izany satria ny fahatezeran' Andriamanitra dia tsy sotroina ara-bakiteny anatin'ny kapoaka. Noho izany, ny karazan-divay izay hosotroin'ny ratsy fanahy

no manan-danja satria eo indrindra no isian'ny fampitahana. Tsy nifangaro tamin'ny rano izany divay izany (araka ny mahazatra), fa ny heriny mahamamo kosa dia vao mainka aza nampitomboina (Apôk. 14:10). Hiharan'ny fahatezeran'Andriamanitra tsy misy famindram-po ireo ratsy fanahy - tsy hisy toerana ho an'ny fibebahana (Apôk. 22:11).

Ilay fanoharana faharoa dia afo sy solifara. Hampijalina amin'ny afo sy solifara ireo ratsy fanahy na amin'ny "solifara mandoro". Io fanoharana io dia mampitaha ny fanandramana ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny fanaintainana ho tsapa rehefa mahakasika ny vatantsika ny solifara mandoro. Fanandramana maharary ny fahatezeran'Andriamanitra. Izany fanoharana izany koa dia miankina koa amin'ny foto-kevitra hoe izay nophotehin'ny afo dia tsy azo averina amin'ny laoniny intsony; potika mandrakizay izany. Ny hevitra dia izao: ny fahatezeran'Andriamanitra dia hiafara amin'ny faharinganan'ireo ratsy fanahy mandrakizay, antsoina hoe fahafatesana faharoa (Apôk. 20:6,14). Maharitra mandrakizay izany afo izany satria izay nodorany dia levona mandrakizay; hirehitra mandra-pahalevon'ny zavatra rehetra izany (Isa. 34:9,10; Joda 7). Raha mbola eo am-pandiavana ny fahafatesana faharoa ireo ratsy fanahy dia tsy hisy fitsaharana ho azy ireo.

Ny Fijalian'i Kristy

Tsy misy afaka mahazo an-tsaina ny fahafatesana feno fanaintainana sy mandrakizay ho an'ny ratsy fanahy satria tsy mbola misy olona nandia izany – afa-tsy i Jesôsy Kristy izay nandalo izany mba hahafahantsika miala amin'izany. Noho izany, amin'ny andro fitsarana dia tsy tokony hisy olona handalo ny fahafatesana faharoa - tsy misy tokoa ny antony azo ekena andalovana izany. Ny fahitana ny fitsarana farany mifantoka amin'i Kristy dia tokony hifandray amin'ny fitsarana an'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana. Teo amin'ny hazo fijaliana mantsy Izy no nandray teo aminy ny fitsarana izao tontolo izao (Jao. 12:31), nitondrany ny otan'izao tontolo izao tamin'ny mahasorona Azy (Jao. 1:29), ary nisotroany ny kapoaky ny fitsaran'Andriamanitra izay nambara tamin'ny taranak'olombelona mpanota (Jao. 18:11) mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay (Jao 3:16). Teo amin'ny hazo fijaliana, raha mbola niharitra ny batisan'ny afo Izy, dia niteny hoe: "*mangetaheta Aho*" - Jao. 19:28. Niara-nijaly teo amin'ny hazo fijaliana Andriamanitra Telo Izay Iray. "Niara-nijaly tamin'ny Zanany Andriamanitra, ary Izy irery ihany rahateo no afaka niharitra izany, mba hahafahan'izao tontolo izao mahazo fihavavana Aminy."» - Ellen G. White, *God's Amazing Grace* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1973), t. 161.

Ny fanaintainana nahazo Azy tamin'ny fotoana izay nahatsapany fa tafasaraka tamin'ny Ray Izy dia mbola mafy lavitra noho ny fanaintainana ara-batana nahazo Azy (Mat. 27:46). Ho toy izany no ho anjaran'ireo ratsy fanahy amin'ny fitsarana farany rehefa tsapany fa ho tafasaraka mandrakizay amin'Andriamanitra izy.

Famaranana

Raha ny marina, ilay fifanandrinana dia mahakasika indrindra indrindra ny fahatokiana. Ny fampitandreman'Andriamanitra dia toa mampitahotra noho ny mahasaropady ny toe-javatra izay hatrehan'ny zanak'olombelona. Mampiharihary ny fo vontom-pahoriana ny fangatsoatsony satria tsy tiany ho ringana ireo voariny. Ny fiteny ampiasainy dia ny an'ny takelaby izay mampitandrina ny olona mba hijanona noho ny fisian'ny loza manambana mahafaty miandry azy ireo. Mahalala izany Andriamanitra satria niaina izany teo amin'ny hazo fijaliana Izy sy ny Zanany Lahy. Eo am-piandrasana

dia isika no masoivohon'Andriamanitra, manasa ny olona hisafidy ilay Zanak'ondry izay nampihavana antsika tamin'Andriamanitra.

Fanontaniana hosaintsainina

1. Nahoana no tsindrian'ny Soratra Masina amin'ny fomba mahery vaika ny amin'ny faharinganan'ny ratsy fanahy sy ny ratsy?
2. Inona no akon'ny fahafantarantsika an'Andriamanitra eo amin'ny fahatakarantsika ny fitsarana? Inona no azontsika atao mba hahafahantsika manome sary feno maneho ny toetran'Andriamanitra amin'ny olona izay toa mahita Andriamanitra feno fahatezerana?
3. Inona no fomba tsara indrindra hahazoantsika mampita ny “fahatezeran'Andriamanitra” eo amin'ny tontolon-kevity ny drafit-pamonjena?

Hiharan'ny fahatezeran'
Andriamanitra tsy misy famindram-po ireo
ratsy fanahy - tsy hisy toerana ho an'ny
fibebahana amin'
izay fotoana izay.

NY FITSARANA FARANY SY NY FITIAVAN' ANDRIAMANITRA

Ny hafatry ny anjely fahatelo

Ny hafatr'ilay anjely fahatelo dia fampitandremana iray mikendry ny handresy lahatra ny taranak'olombelona mba handositra ny anjara ratsin'ireo ratsy fanahy amin'ny andro farany amin'ny alalan'ny fiandaniany amin'ny antokon'Ilay Zanak'ondry. Ity fampitandremana lehibe ity dia manoritsoritra ny tena tanjon'ny fitsarana farany. Teny mahery sy sary an'ohatra mafonja no ampiasaina eto: “*sady hampijalina amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry izy*” -Apôk.14:10b.

Ny fitsarana farany sy ny hazo fijaliana

Ilay matoanteny Grika *basanizo* izay midika hoe mampijaly na fijaliana dia maneho hevitra maharikoriko ho an'ny ankamaroan'ny olona ankehitriny. Ity matoanteny ity dia maneho fangirifiriana mafy ara-batana sy/na ara-tsaina izay tsy hain'ny olona fehezina (Jereo ny 2 Pet. 2:7,8). Ao amin'ny Apôkalipsy, ity matoanteny ity dia entina mamaritra ny fanaintainana mafy mahazo ny vehivavy mihetsi-jaza efa hiteraka (Apôk. 12:2). Ny matoanteny iharana amin'ny filazam-potoana ho avy no ampiasaina eto raha miresaka ny momba ireo ratsy fanahy: “*hampijalina (...) izy*”. Ny fanontaniana mipetraka dia ity: iza na inona no mampijaly azy ireo? Hiverenantsika jerena ny teny nampiasaina sy ny hevity ny andalan-teny hahitantsika ny valin'ireo.

Eo anoloan'ny/ eo anatrehan'Ilay Zanak'ondry

Ampijalina “eo anatrehan'ireo anjely masina sy ny Zanak'ondry” ireo ratsy fanahy. Ireo ratsy fanahy miaritra fanaintainana mafy eo anatrehan'ireo anjely sy ny Zanak'ondry no sary hitantsika eto. Ny fiandohan'ity sarin'i Jesôsy hotronin'ireo anjely ity dia hitantsika ao amin'ny Testamenta Taloha izay manambara ny

fiavian'ny Tompo arahin'ireo anjely marobe,avy hitsara ireo ratsy fanahy ary hamonjy ny olony (Deo. 33:2; Zak. 14:9). Ao amin'ny Testamenta Vaovao kosa dia ny sary voasoritra mazava tsara ny amin'ny fiavian'i Kristy miharihary sy be voninahitra no hita. Amin'ny fiaviany fanindroany, dia ho avy i Kristy ary hotronin'ireo anjeliny marobe (Mat. 16:27; 25:31,32; Mar. 13:26,27). Izany no mety ho fisehoan'i Jesôsy manetriketrika indrindra amin'ny taranak'olombelona, ary ny isam-batan'olona mihitsy no hahita Azy (Apôk. 1:7). Hifanatri-tava Aminy ireo. (Jereo ny Apôk. 6:16,17). Ny Apôk. 4:10 dia tsy mikasika ny fiavian'i Kristy fanindroany, izay tsy hisy afa-tsy ireo izay velona ihany no hahita azy. Eto ilay anjely fahatelo dia nampiasa ilay teny hoe fiavian'i Jesôsy mba hanambarana amintsika fa mandritra ny fitsarana farany, Kristy dia hiseho farany amin'ireo ratsy fanahy nandritra ny taona nifandimby sy ilay kerobima lavo.

Ilay Zanak'ondry sy ny hazo fijaliana

Tsy tokony hohadinontsika fa tena mazava ny fanambaran'ilay anjely fahatelo. Ary nitsangana teo anoloan'Ilay Zanak'ondry ireo ratsy fanahy, fa tsy hoe teo anoloan'ny Mpanjakan'ny mpanjaka, na koa teo anoloan'ny Tompo. Rehefa niandradra izy ireo dia i Kristy amin'ny maha-Zanak'ondrin'Andriamanitra Azy, izay naneho ny fitiavan'Andriamanitra tsy misy fetra ho an'ny voariny rehetra no hitany. Ao amin'ny Apôkalipsy,

ny sarin'Ilay Zanak'ondry voavono dia fanambarana miharihary ny filazantsaran'ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana ny sorona nataon'i Jesôsy (Apôk. 5:9). Ny filazantsara mandrakizay dia maneho mazava ny tena maha-Andriamanitra fitiavana an'Andriamanitra, izay mitodika mandrakariva any amin'ny hafa. Hoy ny fanambaran'i Jesôsy ao amin'ny Jao. 12:32 "*Ary Izaho, raha hasandra tra hiala amin'ny tany, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy*". Ny sasany ho amin'ny famonjena (Jao. 3:14,15) ary ny sasany ho amin'ny fitsarana (Apôk. 14:10). Eo amin'ny fitsaran'Andriamanitra, ny ratsy fanahy sy ny herin'ny maizina dia hoentina miverina eo amin'ny fanehoana mibaribary ny fitiavan'Andriamanitra izay efa naseho nandritra ny tantaran'izao tontolo izao hatramin'izay.

Koa rehefa mijery ilay Zanak'ondry izy ireo amin'izay fotoana izay, dia hahatsapa ny tena maha-Andriamanitra fitiavana sy marina an'Andriamanitra ary ilay fifanandrinana teto amin'ity izao tontolo izao ity dia tsy nisy antony akory. I Ellen White dia nanoratra ny momba ilay fotoana hanandratana ny sezà fiandrianan'i Kristy eo ambonin'ny mandan'ilay Jerosalema vaovao ary ireo hahita Azy, ka "eo ambonin'ilay sezà fiandrianana no hanehoana ny hazo fijaliana" - Ellen G. White, *The Great Controversy* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1911), t. 666. Izao koa no nosoratany: "Hijoro eo ambany fanamelohana ny mpanota

raha manatri-maso an'i Kalvary sy Ilay nifono zava-miafina nianjadian'ny fahoriana." - Ellen G. White, *The Desire of Ages* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1898, 1940), t. 58.

Afaka mandray tsoa-kevitra angamba isika eto fa ny mampijaly ireo ratsy fanahy dia ny fahitana ny fitiavan'Andriamanitra tamin'ny alalan'Ilay Zanak'ondry. Ity fitiavana ity dia handemy ny fahatsiarovantenan'izy ireo ho meloka, ary ho hitany ny tena maha-izy azy ireo tokoa ka ho tsapany amin'izay fotoana izay fa tafasaraka mandrakizay amin'ilay tena Andriamanitra fitiavana tokoa izy. Tsy ho zaka tokoa ny fijaliana hanjo azy ireo amin'izay fotoana izay. Azo lazaina fa ilay fitiavan'Andriamanitra naseho tamin'ny alalan'ny sorona nataon'Ilay Zanak'ondry, izay mameño ny fon'ireo vahoakan'Andriamanitra amin'ny fifaliana sy fankasitrahana, no hameno ihany koa ny fon'ireo ratsy fanahy omban'ny nenina sy fanaintainana. Raha mba nanaiky ny fanomezan'ny famonjena natolotra tamin'ny alalan'ny Zanak'ondry mantsy izy ireo dia afaka nandositra ny fitsaran'ny fanamelohana. Ny fisehoan'Ilay Zanak'ondry amin'ireo ratsy fanahy dia hitondra fitoniana eo amin'ity izao tontolo izao feno ady ity.

Firindrana eo amin'izao tontolo rehetra izao

Mandritra ny fitsarana farany, ny porofo tsy azo lavina hasehon'Andriamanitra eo amin'ny

fitsarany ireo ratsy fanahy sy i Satana ary ireo demonia dia ny fitiavany izay nanaovany sorona ny ainy naseho teo an-kazo fijaliana tamin'ny alalan'Ilay Zanak'ondry novonoina. Io irery ihany no porofo hasehony ary io irery ihany dia ampy. Tsy takatry ny saina ny hery mandresy lahatra ananany satria izany hery izany no hihazona an'izao tontolo izao manontolo ho iray mandritra ny mandrakizay. Eo am-pibajinana Ilay natao sorona, ny herin'ny maizina rehetra dia hiaiky ary hanaiky fa tena marina Andriamanitra eo amin'ny fitsarany azy ireo, ka mendrika azy ireo ny ho faty satria nisafidy izany izy ireo. Efa nosoratan'i Jaona mialoha izany fotoana izany: "*Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay ety ambonin'ny tany sy any ambanin'ny tany, na izay any an-dransomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny, dia reko samy nanao hoe: Ho an'Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay*". (Apôk. 5:13; jereo ny Joda 14,15). Ary izao rehetra izao hiaiky amin'ny feo iray fa i Jesôsy Kristy no Tompo, ho voninahitr'Andriamanitra Ray (Fil. 2:11). Amin'ny firotsahan'ilay afo be farany dia ho voadio amin'ny herin'ny ratsy sy ny vokatry ny asany izao tontolo izao. Ary "*nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho*" - Apôk. 21:1.

FAMARANANA

Ny fitiavana no handravona ny fifanandrinan'ny tsara sy ny ratsy eto amin'izao tontolo rehetra izao. Talohan'ny nidiran'ny fahotana, izao tontolo izao dia nirindra tanteraka noho ny herin'ny fitiavana, ary mialoha ny hifaranan'ny fifanandrinana eto amin'ity izao tontolo izao ity koa, dia ny fitiavana ihany no hamerina ny zavatra rehetra ho amin'ny firindrana tanteraka indray. Izany no tantara mahafinaritra indrindra amin'ny tantaran'izao tontolo izao izay ivon'ny hafatry ny anjely telo, ary tokony ho ren'izao tontolo izao eo am-piomanana ny amin'ny fiavian'i Jesôsy indray. Tokony hanao ezaka ny fiangonana hametraka ny foto-pampianarany tsirairay, indrindra ny foto-pinoana mikasika ny fainana aorian'ny fahafatesana, ny fitsarana farany sy ny helo, ary ny asa fanompoana ataony hifantoka amin'ny filazantsara mandrakizay dia ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana an'Ilay Zanak'ondry. (Jereo ny Apôk. 14:12). Io no hafatry ny Tompo ho an'izao tontolo izao ary tokony hiseho eny amin'ny tenintsika sy ny asantsika izany.

Ny filazantsara mandrakizay
raha ny marina, dia momba ny maha-
fitiavana an'Andriamanitra, izay mitodika
mandrakariva any amin'ny hafa.

Fanontaniana hosaintsainina:

1. Ahoana no hizarantsika amin'ny hafa fa marina sy tsy mitanila ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fitsarany?
2. Ifanakalozy hevitra ity andalanteny novakintsika androany ity: “Ny fitiavana no handravona ny fifanandrinan'ny tsara sy ny ratsy eto amin'izao tontolo rehetra izao.” Ahoana no fiantraikan’izany eo amin'ny fiarahantsika mandeha amin’i Jesôsy isan’andro?
3. Ahoana ny fomba hizarantsika ny vaovao mahafalin’ny hafatry ny anjely telo amin’ireo taranaka advantista aty aoriana?

SABATA FAHAROA

Ny Hafatry Ny Anjely Telo

Toerana marina hijoroana amin'
ny andro farany



Ellen G. White

“Nahita andian’olona nijoro niambina tsara aho, tsy nety voasarik’ireo izay nitady hanozongozona ny finoany. Nojeren’Andriamanitra tamin’ny maso feno fankasitrahaha izy ireo. Ambaratonga telo no naseho ahy: ny hafatry ny anjely voalohany, ny faharoa ary ny fahatelo. Hoy ilay anjely niaraka tamiko: “Ho voaozona anie izay manaisotra manontolo na ampahany kely amin’ireto hafatra ireto. Zava-dehibe iankinan’aina tokoa ny fahazoana tsara ireto hafatra ireto. Ny hoavin’ny fanahy tsirairay mantsy dia miakina amin’ny fomba nandraisany ireo hafatra ireo”. Naverina indray teo amin’ireo hafatra ireo aho, ary hitako fa lafo vidy tokoa ny fanandraman’ny vahoakan’Andriamanitra. Azon’izy ireo tamin’ny alalan’ny fahoriana sy fijaliana ary tolona mafy izany. Notarihin’Andriamanitra tsimoramora izy ireo, mandra-pametrahany azy ireo ho eo amin’ny toerana marina tsy azo hozongozonina. Nahita olona vitsivitsy nanatona ilay toerana mba hizaha ny fototra aho. Ny sasany nifaly ka naka toerana avy hatrany. Ny sasany kosa nanomboka nahita tsikera atao amin’ilay fototra. Tian’izy ireo hatsaraina bebe kokoa ilay toerana ka hahafaly ny vahoaka. Niala teo ny sasany mba hizaha ilay toerana ary nanambara fa ratsy fototra izany. Hitako kosa anefa fa ny ankabeazan’ireo vahoaka dia nijoro tsara teo amin’ilay toerana ary niangavy ireo niala mba hampiato ny fimonomononan’izy ireo satria Andriamanitra no nanamboatra ny mari-trano ary Aminy mihitsy izy ireo no miady. Notantarain’izy ireo ny asa tsara

nataon’Andriamanitra izay nitarika azy ireo ho eo amin’io toerana marim-pototra io, ary niara-nanandratra ny masonry teo amin’ny lanitra ireo no sady nanandra-peo nanome voninahitra an’Andriamanitra. Nahakasika ny fon’ny sasany tamin’ireo nimonomonona sy niala an-daharana izany, ka niverina tamim-panetren-tena teo amin’ilay toerana indray ireo.

“Naverina tamiko indray ilay fanambarana ny fiavian’i Kristy voalohany. Nirahina i Jaona Mpanao batisa tamin’ny hery sy fanahin’i Elia hanamboatra ny lalan’i Jesôsy. Ireo izay nandà ny fijoroana ho vavolombelona nataon’i Jaona dia tsy nisitraka ny tombontsoan’ny fampianaran’i Jesôsy. Ny fanoheran’izy ireo ny hafatra nentin’i Jaona izay nanambara ny fiavian’i Jesôsy dia nametraka azy ireo ho eo amin’ny toerana tsy nahazoany mandray ny porofo ny maha-Mesia Azy. Notarihin’i Satana ireo nandà ny hafatra nentin’i Jaona ho lasa lavidavitra kokoa, handà sy hanombo an’i Kristy eo amin’ny hazo fijaliana. Teo am-panaovana izany anefa dia nametraka ny tenany ho eo amin’ny toerana tsy nahazoany nandray ny fitahiana tamin’ny andron’ny Pentekôsta izy ireo, izay tokony ho nampianarana azy ny lalana mankany amin’ilay fitoerana masina any an-danitra. Ny fitriaran’ny efitra lamba tao amin’ny tempoly dia maneho fa ny fanatitra sy ny sorona nataon’ny Jiosy dia tsy ho azo ekena intsony. Efa natolotra ary nekena Ilay Sorona lehibe ka ny Fanahy Masina izay narotsaka tamin’ny andron’ny Pentekôsta dia nitarika ny sain’ireo mpianatra avy amin’ilay fitoerana masina teto an-tany ho amin’ilay fitoerana masina any an-danitra, izay nidiran’i Jesôsy tamin’ny

alalan'ny rany mba hahazoan'ireto mpanara-dia Azy mandray tombontsoa maro avy amin'ny fanati-panonerana nataony.

“Tavela tao anatin’ny fahamaizinana tanteraka anefa ny Jiosy. Very avokoa ny fahazavana izay tokony ho azon’izy ireo avy amin’ny planin’ny famonjena satria naleony nitoetra tao amin’ny finoana ny fanatitra sy ny sorona izay tsy nisy antony tokony hanatanterehana azy intsony. Efa nosoloin’ilay fitoerana masina any an-danitra ilay teto an-tany, saingy tsy nahalala izany fiovana izany ny Jiosy. Noho izany dia tsy mba afaka nisitraka ny fanelanelanana ataon’i Kristy ao amin’ny efitra masina indrindra izy ireo.

“Betsaka ireo manome tsiny ny Jiosy tamin’ny nandavan’izy ireo sy ny nanomboany an’i Kristy, ka rehefa mamaky ny tantara mampalahelon’i Kristy izy ireo dia mihevitra fa tia Azy ary tsy hahavita handà tahaka ny nataon’i Petera, na hanombo Azy amin’ny hazo fijaliana toy ny nataon’ireo Jiosy. Kanefa Andriamanitra izay mamaky ny fo dia nisedra izany fitiavany an’i Jesôsy, izay dradradradrainy fa ananany izany. Nijery tamim-pahalianana ny fandraisana ny hafatry ny anjely voalohany ny lanitra manontolo. Betsaka tamin’ireo niseho ho tia an’i Jesôsy izay latsa-dranomaso rehefa namaky ny tantarany teo amin’ny hazo fijaliana anefa no namazivazy ny vaovao mahafalin’ny fiverenany. Raha tokony nandray ilay hafatra ampiravoravoana izy ireo, dia noraisiny ho toy ny fahadisoan-kevitra izany. Nankahalain’izy ireo izay nankasitraka ny fiavian’i Jesôsy ka noroahiny hiala ny fiangonana. Ireo izay nandà ny hafatra

voalohany dia tsy afaka nisitraka ny hafatra faharoa; na nisitraka ilay antso avo amin’ny mamatonalina izay nanomana azy ireo hiditra miaraka amin’i Jesôsy amim-pinoana ao amin’ny fitoerana masina indrindran’ny tabernakely any an-danitra. Ary amin’ny fandavana ireo hafatra roa voalohany, dia nanjary maizina ny fahatakaran’izy ireo ka tsy hahita fahazavana intsony ny amin’ny hafatr’ilay anjely fahatelo, izay maneho ny lalana mankany amin’ilay fitoerana masina indrindra.

”Nahita aho fa tahaka ny nanomboan’ny Jiosy an’i Jesôsy teo amin’ny hazo fijaliana no nanomboan’ireo fiangonana anarany fotsiny ihany koa ireo hafatra ireo, ary vokatr’izay dia tsy manana fahalalana ny amin’ny lalana mankany amin’ny fitoerana masina indrindra intsony izy ireo, hany ka tsy afaka misitraka ny fanelanelanana ataon’i Jesôsy ao. Tahaka ireo Jiosy izay nanolotra fanatitra tsy nilaina akory, dia mampiakatra vavaka tsy misy antony ao amin’ny efitra izay efa nilaozan’i Jesôsy ihany koa izy ireo. I Satana izay faly ny amin’izany fitaka izany, dia mody misalotra toetra tia fivavahana sady mitaona ny sain’ireo milaza azy ho Kristianina hifantoka aminy. Mampiasa ny heriny izy amin’izany, miaraka amin’ny famantarana sy fahagagana mamitaka mba hamatorana azy ireo amin’ny fandriny. Fitahiny amin’ny fomba iray ny sasany ary amin’ny hafa ny sasany. Efa nanomana fitaka maro samihafa izy ho an’ny olona samihafa. Mihoronkoditra ny amin’ny fitaka natao taminy ny sasany kanefa mbola manaiky fitaka hafa indray. Ao ireo fitahin’i Satana amin’ny filalaovana angatra. Tonga toy

ny anjelin'ny mazava izy ary mampiely ny hery miasa mangina ananany erantany amin'ny alalan'ny fanavaozana sandoka. Faly ery ireto fiangonana ary mihevitra fa Andriamanitra no miasa ho an'izy ireo, kanjo asan'ny fanahy hafa izany. Hanjavona tsy ho ela izany fifaliana izany ary vao mainka ho eo amin'ny toerana ratsiratsy kokoa noho ny teo aloha aza ny fiangonana.

“Hitako fa manana zanaka mahatoky ao amin’ny fiangonana Advantista sy any amin’ny fiangonana sandoka hafa Andriamanitra, ary mialoha ny handatsahana ireo loza marobe, dia pasitora sy mambran’ny fiangonana laika maro no hantsoina hivoaka ireny fiangonana sandoka ireny ka hanaiky am-pifaliana ny fahamarinana. Fantatr’i Satana izany ka mialoha ny antso avo ataon’ny anjely fahatelo, dia hisy fihetsehana mafy eo anivon’ireny fiangonana ireny mba hinoan’ireo nandà ny fahamarinana fa miaraka amin’izy ireo Andriamanitra. Manantena izy fa ho voafitany ireo mpino mahatoky mba hihevitra fa Andriamanitra dia miasa eo anivon’ny fiangonan’izy ireo. Kanefa hiseho ny fahamarinana, ka ireo izay mahatoky dia hiala amin’ireo fiangonana sandoka ireo ary hiara- mijoro amin’ireo zanaka sisa”. - *Early Writings*, tt. 258-261.

* * *

“Hita ao amin’ny teny faminaniana ny fanambarana ny hafatry ny anjely voalohany, faharoa sy fahatelo. Tsy misy na dia sombiny kely amin’ireo aza no azo esorina. Tsy misy olona na dia iray aza manana fahefana hanova ny toeran’ireo

hafatra ireo toy ny tsy fahafahana manova ny Testamenta Vaovao amin’ny Testamenta Taloha. Ny Testamenta Taloha dia fanehoana an-tsary sy an’ohatra ny filazantsara, fa ny Testamenta Vaovao kosa no fanatanterahana. Samy manandanja avokoa izy roa ireo. Ny Testamenta Taloha dia maneho lesona avy amin’ny molotr’i Kristy ary ireo lesona ireo dia tsy lefy hery tsy akory.

“Nomena tamin’ny 1843 sy 1844 ny hafatra voalohany sy faharoa, ary ankatoky ny fanambarana ny hafatra fahatelo isika izao; fa ireo hafatra telo ireo dia mbola samy hambara avokoa. Manan-danja toy ny hatramin’izay ihanany ireo ka tokony haverimberina ho an’ireo mikatsaka ny fahamarinana. Amin’ny alalan’ny penina sy ny feo no tokony hanambarantsika ireo hafatra, hanehoana ny filaharany sy ny fahatanterahan’ny faminaniana izay mitondra antsika ho amin’ny hafatry ny anjely fahatelo. Tsy misy mantsy ny fahatelo raha tsy nisy ny voalohany sy ny faharoa. Tokony homentsika izao tontolo izao ireo hafatra ireo na amin’ny alalan’ny famoahana boky izany na amin’ny lahateny, hanehoana ao anatin’ny fizotry ny tantara ara-paminaniana ireo zavatra efa niseho sy izay mbola hiseho...

“Ny asanay dia ny hanambara ny didin’Andriamanitra sy ny filazana an’i Jesôsy Kristy. ‘*Miomâna hihaona amin’Andriamanitao*’ (Amô. 4:12) no fampitandremana tokony homena izao tontolo izao. Fampitandremana omena ny tsirairay izany. Antsoina isika hametraka ireo enta-mavesatra rehetra sy izay fahotana malaky mahazo antsika. Misy asa tokony hataonao ity ranadahy, dia ny

hitondra ny ziogan'i Kristy. Ataovy azo antoka fa miorina eo ambony vatolampy ny tranonao. Aza ankinina amin'ny kisendrasendra ny mandrakizainao. Mety tsy ho velona hahatratra ireo toe-javatra feno loza izay efa hidirantsika ianao. Tsy misy na iray amintsika aza mahazo antoka ny fainany amin'ny fotoana iray voatondro. Tsy tokony hiambina mandrakariva ve ianao? Tsy tokony handini-tena akaiky ary hametrapanontaniana amin'ny tenanao ve ianao hoe: inona no fainana mandrakizay ho ahy?

“Izao no tokony hanahirana ny sain’ny fanahy tsirairay: moa ve efa nohavaozina ny foko? Moa ve efa voaova ny fanahiko? Moa ve efa voavela avokoa amin’ny alalan’ny finoana an’i Kristy ny fahotako rehetra? Efa nateraka indray ve aho? Moa ve aho manaraka ilay fanasana hoe “*Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an’ny fanahinareo hianareo. Fa mora*

ny ziogako, ary maivana ny entako” - Mat. 11:28-30? Moa ve ianao manao ho fatiantoka ny zavatra rehetra ka hanao ho taimboraka ireny mba hahazoana an’i Kristy? Tsapanao ve fa adidinao ny mino ny teny rehetra izay mivoaka ny vavan’Andriamanitra?” – Manuscript 32, 1896 [Jereo koa ny *Manuscript Releases*, b. 17, tt. 6-23]).

Fanontaniana hosaintsainina:

1. Inona ny lesona azontsika noraisina avy amin’ireo nanambara ny fravian’ny Jesôsy voalohany? Nahoana no zava-dehibe tokoa izany ho an’ireo miandry ny fiverenan’i Jesôsy fanindroany?
2. Inona ny fomba entintsika hanatrarana ireo manodidina antsika izay tsy mahalala ny fahamarinana ara-Baiboly mahakasika ny hafatry ny anjely telo?

Ataovy azo antoka
fa miorina eo ambony vatolampy ny tranonao.
Aza ankinina amin'ny kisendrasendra ny
mandrakizainao.